REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

GOVERNEMANTA

DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA-2026-1729

**Momba ny fandrosoana eo anivon'ny parlemanta ny volavolan-dalàna laharana faha-039/2026 tamin'ny 17 Jolay 2026 mikasika ny fampiasana azo antoka, milamina sy amim-pahalemana ny teknolojia nokleary eto Madagasikara.**

NY PRAIMINISITRA, FILOHAN'NY FITONDRAM-PANJAKANA,

- Araka ny Lalàmpanorenana ;
- Araka ny Fanapahan-kevitra laharana faha-10-HCC/D3 tamin'ny 14 Oktobra 2025 manome fahefana ny manampahefana miaramila mahefa, soloin'ny Kolonely RANDRIANIRINA Michaël, hanatanteraka ny andraikitry ny Filohan'ny Fanjakana ;
- Araka ny Lalàna Fototra laharana faha-2022-018 tamin'ny 30 Janoary 2023 momba ny « Orientation Générale du Système d'Éducation, d'Enseignement et de Formation eto Madagasikara » ;
- Araka ny Lalàna laharana faha-2018-037 tamin'ny 08 Febroary 2019 momba ny famaritana ny Andrim-panjakana iankinan'ny fanjakana sy ny fitsipika mifehy ny famoronana sokajy amin'izany ;
- Araka ny Didim-panjakana laharana faha-2026-776 tamin'ny 15 Martsa 2026 manendry ny Praiminisitra, Filohan'ny Fitondram-panjakana ;
- Araka ny Didim-panjakana laharana faha-2026-777 tamin'ny 25 Martsa 2026 manendry ny mpikambana ao amin'ny Governemanta ;

DIA MAMOAKA IZAO DIDY IZAO:

**Andininy voalohany-** Ny Volavolan-dalàna laharana faha-… mikasika ny **fampiasana azo antoka, milamina sy amim-pahalemana ny teknolojia nokleary eto Madagasikara**, izay atambatra amin'ity Didim-panjakana ity ary misy andininy roa amby valopolo sy zato (182), dia aroso hodinihin'ny Parlemanta.

**Andininy faha-2.-** Ny Minisitry ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Ara-Tsiansa no miandraikitra ny fanazavana ny antony sy ny fiarovana izany eo anivon'ny Parlemanta.

Nataon'ny Praiminisitra,
Filohan'ny Fitondram-panjakana

Natao teto Antananarivo, faha 17 Jolay 2026

RAJAONARISON Mamitiana

*Ny Minisitry ny Fampianarana Ambony*
*sy ny Fikarohana Ara-tsiansa*

Pr. RAVONIMANANTSOA
Ndaohialy Manda-Vy

**VOLAVOLAN-DALÀNA N°039/2026 TAMIN'NY 17 JOLAY 2026 MIKASIKA NY FAMPIASANA AZO ANTOKA, MILAMINA SY AMIM-PAHALEMANA NY TEKNOLOJIA NOKLEARY ETO MADAGASIKARA.**

## FAMINTINANA


**FANAZAVANA NY ANTONY**........................................................................................ 4

**LOHATENY VOALOHANY – NY FEPETRA ANKAPOBENY**............................................. 9

**LOHATENY II – NY ANTOKON-DRAHARAHAM-PANJAKANA MPAMETRA-PITSIPIKA**........................................................................................................ 17

**LOHATENY III – NY FIAROVANA SY NY FAHAZOANA ANTOKA NY LOHARANON-TARATRA SY NY LOHARANO NY TARATRA HAFA**........................................................ 23

**LOHATENY IV – NY ANTOKA**.......................................................................................... 33

**LOHATENY V – NY ANDRAIKITRA SIVILY NOKLEARY**.................................................. 36

**LOHATENY VI – NY SAZY SY NY FEPETRA MOMBA NY HELOKA BEVAVA**................. 38

**LOHATENY VII – NY FEPETRA ISAN-KARAZANY**........................................................... 43

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**VOLAVOLAN-DALÀNA N°039/2026 TAMIN'NY 17 JOLAY 2026 MIKASIKA NY FAMPIASANA AZO ANTOKA, MILAMINA SY AMIM-PAHALEMANA NY TEKNOLOJIA NOKLEARY ETO MADAGASIKARA.**

**FILAZANA NY ANTONANTONY**

Ity Lalàna ity dia mametraka ny rafitra ara-dalàna vaovao hifehezana ireo sahan'asa mifandraika amin'ny teknolojia nokleary, indrindra ny fikarohana momba izany, ary ny fampiasana azy amin'ny fomba azo antoka sy am-pilaminana eto Madagasikara. Ny tanjony dia ny hiantohana ny fiarovana sahaza, ankehitriny sy amin'ny ho avy, ny mponina sy ny tontolo iainana amin'ny voka-dratsy ateraky ny taratra mamorona iona, ary koa ny fiarovana sy ny fahazoana antoka ny loharanon-taratra, ny sahan'asa sy ny toeram-piasana, ny fitaovana nokleary ary ny akora hafa mitovy amin'izany, ary ahafahan'ny Repoblikan'i Madagasikara manatanteraka ny adidiny sy ny fanekena nataony teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena.

Tamin'ny 1997, i Madagasikara dia nametraka ny lalàna laharana faha-97-041 tamin'ny 2 Janoary 1998 mikasika ny fiarovana amin'ny loza ateraky ny taratra mamorona iona sy ny fitantanana faika voavaikantaratra, izay niorina indrindra tamin'ny Fenitra Iraisam-pirenena Fototra (BSS n°115 tamin'ny 1996) avy amin'ny « Agence Internationale de l'Energie Atomique » (A.I.E.A.). Hatramin'izay, nivoatra be tao anatin'ny folo taona farany ny rijan-teny sy ny fenitry ny fiarovana sy ny fahazoana antoka, indrindra taorian'ny fanafihana tamin'ny 11 septambra 2001 tany Etazonia sy ny loza nokleary tany Fukushima, Japana, tamin'ny 11 martsa 2011.

Ny ezaka natao mba hifanaraka amin'ireo fenitra iraisam-pirenena manan-kery dia nitarika ho amin'ny fandaniana rijan-teny momba ny fitsipika, ny fankatoavana ireo fifanarahana iraisam-pirenena, ary indrindra ny famolavolana ity Lalàna ity izay nandalo dingana maromaro.

Noho ny firoborobon'ny sehatra ahafahana mampiasa ny teknolojia nokleary ho amin'ny fandriampahalemana, ho tombontsoan'ny mponina na eto amin'izao tontolo izao na eto Madagasikara, ity Lalàna ity dia mikendry ny hanavao tanteraka ny lalàna efa misy. Ampiharina ireo fitaovana ara-dalàna sy fenitra iraisam-pirenena, ary koa ny vokatry ny iraka maro nandinika ny rafitra ara-dalàna sy ny fitsipika eto amin'ny firenena izay nataon'ny A.I.E.A. Vokatry ny atrikasa iraisam-pirenena maro sy ny fifanakalozan-kevitra teo amin'ny antokon-draharaha malagasy sy ny A.I.E.A. izany, tamin'ny alalan'ny fiaraha-miasa teo amin'ireo manam-pahaizana nasionaly sy iraisam-pirenena.

Ity Lalàna ity dia mandray ary mampiantra manokana ireo fifanarahana iraisam-pirenena sy fitaovana ara-dalàna hafa momba ny fahazoana antoka sy filaminana nokleary izay nankatoavin'I Madagasikara, toy ny: Fifanarahana momba ny fanampiana raha misy loza nokleary na loza radiolojika, ny Fifanarahana iombonana momba ny fiarovana ny fitantanana ny akora nokleary nampiasaina sy ny faika voavaikantaratra, ny Fifanarahana momba ny fampandrenesana haingana raha misy loza nokleary, ny Fifanarahana momba ny fiarovana nokleary, ny Fifanarahana momba ny Fiarovana ara-batana ny Akora Nokleary sy ny fanitsiana azy mikasika ny Toeram-piasana nokleary, na koa ny Fehezan-dalàna momba ny fiarovana sy ny fahazoana antoka ny loharanon-taratra miaraka amin'ireo Torolàlana momba ny fanafarana sy fanondranana loharanon-taratra sy ny Torolàlana momba ny fitantanana ny loharanon-taratra nesorina tamin'ny asa avy amin'ny A.I.E.A., ary koa ireo Antoka momba ny tsy fiparitahan'ny fitaovam-piadiana atomika (TNP), ny Fifanarahana Ankapobeny momba ny Antoka, ny Protokola Fanampiny, ary ny Protokola momba ny Akora kely (PPQM).

Ny fanomanana ity lalàna ity dia efa natomboka hatramin'ny taona maro ary notanterahina niaraka tamin'ny fanohanana sy fanamarinana ara-teknika avy amin'ny "Office of Legal Affairs" (OLA) ao amin'ny A.I.E.A, noho ny maha-saro-pady ity sehatra ity sy ny fepetra takiana aminy.

Araka izany, ity lalàna mikasika ny fampiasana azo antoka, milamina sy amim-pahalemana ny teknolojia nokleary eto Madagasikara ity dia mikendry ny hanangona ao anatin'ity rijan-teny iray ity ireo fepetra mitaky fampiharana ny fenitra sy fitsipika iraisam-pirenena momba ny fahazoana antoka, ny filaminana syn y antoka nokleary ary ny andraikitra sivily eo amin'ny sehatra nokleary. Ireo foto-kevitra ankapobeny sy ireo fepetra fototra amin'ireo sehatra ireo dia voafaritra sy hazavaina ato anatin'ity lalàna ity.

Eo amin'ny lafiny fiarovana sy filaminana, ny tanjon'ity lalàna ity dia ny hiaro ny olona sy ny tontolo iainana amin'ny voka-dratsin'ny taratra mamorona iona, ary koa hiaro amin'ireo asa ratsy na asa tsy nahazoana alalana atao an-tsitrapo izay mety hampidi-doza na mikendry loharano voavaikantaratra, akora nokleary, fotodrafitrasa na sahan'asa mifandraika amin'izany, na asa hafa rehetra mety hanohintohina ny filaminana nokleary. Izy koa dia mametraka ny fanomanana sy ny fitantanana ny fandraisana andraikitra amin'ny toe-javatra maika.

Eo amin'ny lafiny antoka nokleary, ity lalàna ity dia manamafy ny fanoloran-tenan'ny Governemanta Malagasy amin'ny fampiasana ny akora nokleary ho amin'ny tanjona milamina, araka ireo adidy iraisam-pirenena nankatoavin'ny Repoblikan'i Madagasikara, indrindra ny Fifanarahana momba ny tsy fiparitahan'ny fitaovam-piadiana nokleary (TNP). Farany, izy dia mametraka ny fitsipika mifehy ny andraikitra sivily sy ny fanonerana ireo niharam-boina raha misy tranga na loza nokleary.

Amin'ny ankapobeny, ity lalàna ity dia mamaritra ny fananganana ny Sampan-draharaha mpandrindra antsoina hoe **"Fahefam-Pirenena Misahana ny Fahazoana Antoka sy Filaminana Nokleary"** na **Autorité Nationale de Sûreté et de Sécurité Nucléaire** afohezina hoe **ANSSN**, izay omena andraikitra sy fahefana ahafahany manatanteraka fanaraha-maso ara-dalàna mahomby momba ny fampiasana am-pilaminana ny teknolojia nokleary, araka ny voalazan'ny fifanarahana iraisam-pirenena.

Ankoatra izany, io Sampan-draharaha mpandrindra io dia manana adidy hanampy ny Governemanta amin'ny famolavolana politika sy paikady nasionaly mikasika ny fampiasana am-pilaminana ny teknolojia nokleary eto Madagasikara ; hiara-miasa amin'ny AIEA amin'ny fanatanterahana ny fanaraha-maso araka ny Fifanarahana momba ny fanaraha-maso sy ireo Protokola fanampiny mifandraika amin'ny Fifanarahana momba ny tsy fiparitahan'ny fitaovam-piadiana nokleary ; ary hiara-miasa amin'ireo sampan-draharaha hafa eto amin'ny Repoblika ao anatin'ny drafitra nasionaly momba ny vonjy taitra.

Fanampin'izany, ny Fahefam-Pirenena misahana ny fahazoana antoka sy filaminana nokleary dia miandraikitra ny fametrahana rafitra sy fomba fiasa ahafahana mampahafantatra sy mampiditra ny daholobe sy ireo mpiara-miombon'antoka hafa amin'ny fizotran'ny fametrahana fitsipika sy ireo lafiny mifandraika amin'ny fiarovana, ny fahasalamana ary ny tontolo iainana, anisan'izany ny tranga, loza ary zava-mitranga tsy ara-dalàna.

Ny ANSSN dia omena andraikitra araka ity lalàna ity hanatanteraka, miaraka amin'ireo mpanara-maso nokleary, fanaraha-maso any amin'ny olona tsirairay na fikambanana mizaka zo rehetra, na manana fanomezan-dalana na tsia, izay mampiasa, mitatitra, mampiditra na manondrana loharano voavaikantaratra na akora nokleary hafa, mba hanamarinana ny fanajana ny fepetra voalazan'ity lalàna sy ireo fitsipika sy ireo didy aman-dalàna mifehy izany sehatra izany. Ho fanatanterahana izany, dia omena azy ny fahefana handray fepetra fanitsiana sy fepetra fanerena araka izay voafaritry ny lalàna.

Farany, ity lalàna ity dia mamaritra ireo fepetra fanerena, ireo fandikan-dalàna ary ireo sazy mifanaraka amin'izany raha misy tsy fanarahana ny fepetra ao aminy. Ireo fepetra famaizana ireo dia natao hanampy sy hanamafy ny Lalàna laharana faha-2014-005 tamin'ny 19 Jona 2014 mikasika ny ady amin'ny fampihorohoroana sy ny heloka bevava iraisam-pirenena voarindra, indrindra mikasika ireo fandikan-dalàna mahakasika akora nokleary, ary koa ireo rijan-teny manaraka azy.

Ity lalàna ity dia ahitana andininy roa amby valopolo sy zato (182) voasokajy ao anatin'ny lohateny fito, dia ireto avy :

LOHATENY I – FEPETRA ANKAPOBENY
LOHATENY II – MOMBA NY ANTOKON-DRAHARAHA MPAMETRA-PITSIPIKA
LOHATENY III – MOMBA NY FIAROVANA SY NY FAHAZOANA ANTOKA
LOHATENY IV – MOMBA NY FANARAHA-MASO (GARANTIES)
LOHATENY V – MOMBA NY ANDRAIKITRA SIVILY NOKLEARY
LOHATENY VI – MOMBA NY SAZY SY NY FEPETRA FAMAIZANA
LOHATENY VII – FEPETRA SAMIHAFA

Ny Lohateny I, izay ahitana andininy 25 (1 hatramin'ny 25), dia miresaka ny tanjon'ity lalàna ity, ny sehatra ampiharana azy ary ireo fandraràna, ny famaritana ireo voambolana samihafa, ary koa ny fitsipika ankapobeny momba ny fanomezan-dalana.

Ny Lohateny II, izay ahitana andininy 33 (26 hatramin'ny 58), dia mikasika ny fananganana ny antokon-draharaha mpametra-pitsipika, dia ny ANSSN, ary mamaritra ny fandaminana sy ny fiasany, ny fahefany, ireo rafitra teknika ao aminy ary koa ny fitsipika momba ny fanaraha-maso (inspection).

Ny Lohateny III, izay ahitana andininy 54 (59 hatramin'ny 112), dia miresaka ny filaminana sy antoka nokleary. Izy dia mametra ny fitsipika momba ny fiarovana amin'ny taratra mamorona iona, ny fampiasana ny loharanon-taratra mamorona iona, ny fikirakirana ny harena an-kibon'ny tany mamoaka taratra, ny fitantanana ny faika voavaikantaratra, ny fitaterana akora voavaikantaratra, ny fanakatonana na fanesorana ny fotodrafitrasa, ny fiarovana ara-batana sy ny filaminan'ireo loharano voavaikantaratra sy akora nokleary, ary koa ny fanomanana sy ny fitantanana ny fandraisana andraikitra amin'ny toe-javatra maika (drafitra vonjy taitra, drafitra nasionaly ho an'ny loza ara-taratra na nokleary ary ireo loza miampita sisintany).

Ny Lohateny IV, izay ahitana andininy 12 (113 hatramin'ny 124), dia miresaka ny antoka nokleary (garanties), ka ahitana: ny fanoloran-tena amin'ny fampiasana ampilaminana, ny fampiharana ny fanaraha-maso, ny fiaraha-miasa amin'ny fanatanterahana izany, ny andraikitry ny mpahazo alalana mikasika ny akora nokleary, ny fitsipika mifehy ireo mpanara-maso avy amin'ny A.I.E.A ary farany ny rafitra nasionaly momba ny fanisana sy fanaraha-maso ny akora nokleary.

Ny Lohateny V, izay ahitana andininy 6 (125 hatramin'ny 130), dia miresaka ny fitsipika mifehy ny andraikitra sivily (andraikitra tsy miankina amin'ny fahadisoana ary an'ny mpandraharaha irery, andraikitra mandritra ny fitaterana, fialana amin'ny andraikitra) ary ny fitsipika momba ny fanonerana (fahefana mitsara, didim-pitsarana) raha misy fahavoazana nokleary. Ity lohateny ity dia natao hanolo amin'ny ambaratonga fototra ireo fifanarahana iraisam-pirenena momba ny andraikitra sivily nokleary izay mbola tsy nankatoavin'i Madagasikara.

Ny Lohateny VI, izay ahitana andininy 46 (131 hatramin'ny 176), dia mamaritra ireo sazy sy ny fepetra famaizana. Ahitana ao anatiny ny fepetra fanerena, ny sazy ara-pitantanana sy ara-bola, ny lamandy, ny fomba fanao sy ny fifanarahana (fandikan-dalàna sy sazy famaizana, fomba fanao, fisamborana sy fanagejàna fananana, olona tompon'andraikitra, fifanarahana), ary koa ny famoahana olona ho tsaraina any ivelany (extradition).

Ny Lohateny VII, izay ahitana andininy 6 (177 hatramin'ny 182), dia mikasika ireo fepetra samihafa, ary miresaka ihany koa ny fepetra tetezamita momba ny fanomezan-dalana.

Izany no votoatin'ity lalàna ity.

Antananarivo, faha 17 Jolay 2026

*Ny Minisitry ny Fampianarana Ambony*
*sy ny Fikarohana Ara-tsiansa*

Pr. RAVONIMANANTSOA
Ndaohialy Manda-Vy

## LOHATENY VOALOHANY – MOMBA NY FEPETRA ANKAPOBENY

### Toko voalohany – ANKAPOBEN-JAVATRA

### Sokajy voalohany – Tanjona

**Andininy voalohany.**- Ity lalàna ity dia mikendry ny handrindra ny fitsipika mikasika ny: a) ny fampiasana am-pilaminana ny teknolojia nokleary sy ny fampiharana azy amin'ny fomba azo antoka sy voaaro;

b) ny fiantohana ny fiarovana sahaza ny mponina sy ny tontolo iainana, amin'izao fotoana izao sy amin'ny ho avy, manoloana ny voka-dratsin'ny taratra mamorona iona, ary koa ny fahazoana antoka sy ny fiarovana ireo loharanon-taratra, toeram-piasana, akora nokleary ary akora voavaikantaratra hafa ;

Izy dia mametraka ho andraikitra ny :

c) mamorona sy manome fahefana rafitra mpandrindra sy mpametra-pitsipika araka ireo andraikitra sy adidy voalaza ato amin'ity lalàna ity mba hahafahany manatanteraka fanaraha-maso mahomby momba ny fampiasana am-pilaminana ny angovo nokleary ;

Ny tanjony dia ny :

d) ahafahan'ny Repoblikan'i Madagasikara manatanteraka ireo adidy sy fanekena iraisam-pirenena noraisiny eo amin'ny sehatry ny fampiasana am-pilaminana ny teknolojia nokleary, ny tsy fielezan'ny fitaovam-piadiana nokleary ary ny rafitra fiantohana, ary koa manome antoka **mifanaraka amin'izany.**

### Sokajy faha-2 – Faritra fampiharana sy fandrarana

**Andininy faha-2.-** Ity Lalàna ity dia mihatra amin'ny akora voavaikantaratra sy ireo loharanon-taratra hafa, amin'ireo fotodrafitrasa rehetra mifandray amin'ireo loharano sy akora ireo, amin'ireo asa rehetra mifandraika amin'izany, ary koa amin'ireo toe-javatra rehetra mety hiteraka fiparitahan'ny taratra mamorona iôna (rayonnements ionisants), izay tanterahina ao anatin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara, eo ambanin'ny fahefany na eo ambanin'ny fanarahamaso ataony.

**Andininy faha-3.-** Tsy mihatra amin'ireo asa sy fotodrafitrasa miteraka fiparitahan'ny taratra izay nesorina tsy ho eo ambanin'ny fanaraha-maso ara-dalàna (contrôle réglementaire) araka ny fepetra navoakan'ny Rafitra mpandrindra ANSSN.

**Andininy faha-4**.- Ity lalàna ity dia tsy mihatra amin'ireo loharanon-taratra tsy mamorona iona.

**Andininy faha-5.-** Voarara tanteraka ny asa sy fotodrafitrasa rehetra mifandraika amin'ny fahazoana na famolavolana fitaovam-piadiana nokleary na fitaovana mipoaka hafa, fitaovana manaparitaka radioaktivité, na fampiasana tsy am-pilaminana ny akora nokleary na akora voavaikantaratra hafa sy ny teknolojia mifandraika aminy, na koa asa mikendry ny hanampy olon-kafa hanatanteraka izany.

### Sokajy faha-3 – Famaritana

**Andininy faha-6**.- Araka ity lalàna ity, dia :

« Loza » : tranga tsy nahy, anisan'izany ny hadisoana amin'ny fikirakirana, ny tsy fahombiazan'ny fitaovana na tsy fetezana hafa, izay mety hiteraka vokatra tsy azo tsinontsinoavina eo amin'ny fiarovana sy ny fahazoana antoka ;

« Loza nokleary » : araka ny fampiharana ny Lohateny V, tranga iray na fitohizan-javatra mitovy fiaviana izay miteraka fahavoazana nokleary, na koa (raha amin'ny fepetra fisorohana) mampisy loza mitatao lehibe sy akaiky amin'izany fahavoazana izany ;

« Hetsika » : ny famokarana, fampiasana, fanafarana sy fanondranana loharanon-taratra, anisan'izany ny akora nokleary na akora voavaikantaratra hafa ho amin'ny tanjona indostrialy, ara-pitsaboana na fikarohana, ny fitaterana ireo akora ireo, ny fametrahana, fanorenana, fampiasana ary fanakatonana toeram-piasana, ny fitantanana faika voavaikantaratra, ary koa hetsika toy ny fanariana etona voavaikantaratra sy ny fanarenana toerana voaloto ;

« Fifanarahana momba ny antoka » : fifanarahana eo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Sampan-draharahan'ny Firenena Mikambana misahana ny Angovo Atomika (AIEA) momba ny fampiharana ny rafitra fiantohana mifandraika amin'ny Fifanarahana momba ny tsy fielezan'ny fitaovam-piadiana nokleary (TNP) ;

« Fanomezan-dalana » : fahazoan-dalana an-tsoratra omen'ny antokon-draharaha mpametra-pitsipika na rafitra ofisialy hafa ho an'olona na fikambanana iray hanatanteraka hetsika voafaritra, na hampiasa toeram-piasana iray, na hamokatra na hitantana faika voavaikantaratra, izay mety ho amin'ny endrika fahazoan-dalana na fisoratana anarana ;

« Fahefam-Pirenena momba ny Fahazoana Antoka sy ny Fiarovana Nokleary » (A.N.S.S.N.): Rafitra mpandrindra mpametra-pitsipika natsangan'ity lalàna ity ;

« Fanaraha-maso ara-dalàna » : karazana fanaraha-maso rehetra (fanarahamaso sy fanamarinana) na fitsipika ampiharin'ny Fahefam-Pirenena momba ny Fahazoana Antoka sy ny Fiarovana Nokleary amin'ireo toeram-piasana na hetsika noho ny antony fiarovana amin'ny taratra na noho ny fahazoana antoka sy fiarovana nokleary ;

« Faika avy amin'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany » : ireo sisa tavela rehetra vokatry ny fikarohana sy fitrandrahana harena an-kibon'ny tany, na ao amin'ny toeram-pitrandrahana na ivelany, ary koa avy amin'ny fanodinana ny akora azo ;

Ireo faika ireo dia sokajiana araka ny Kaodin'ny harena an-kibon'ny tany ho toy izao :

- ny vato tsy misy lanjany avy amin'ny fanokafana sy ny fitrandrahana, izay tsy mila fepetra manokana amin'ny fampiasana na fitahirizana azy ;
- ny sisa tavela avy amin'ny fanodinana na fanavahana, sy ireo misy akora simika fanampiny toy ny fotaka avy amin'ny fanasan-draharaha na ny vovoka avy amin'ny fandoroana ;
- ny faika vokatry ny fanasana na fanodinana akora ;
- ireo vokatra tsy mbola azo trandrahana amin'ny toe-karena sy teknika amin'izao fotoana izao ;

« Faika voavaikantaratra » : akora misy taratra amin'ny endrika entona, ranoka na mafy izay tsy kasaina hampiasaina intsony ary misy na voaloton'ny radionokleida amin'ny haavony mihoatra ny fetra ara-pitsipika ;

« Famaranana ny fampiasana nokleary (déclassement) » : fepetra ara-pitantanana sy ara-teknika raisina hanesorana ampahany na manontolo ny fanaraha-maso ara-pitsipika amin'ny toeram-piasana iray, ankoatra ny toeram-pitehirizana farany ; mety ahitana fanadiovana sy fandravana izany ;

« Fahavoazana nokleary » : araka ny Lohateny V, dia midika :
i) fahafatesana, ratra amin'olona, fahaverezana na fahasimban'ny fananana vokatry ny toetran'ny akora nokleary na ny fitambaran'ny toetrany voavaikantaratra sy ny toetra mampidi-doza hafa ;
ii) fahavoazana hafa eken'ny lalàna manan-kery ;
iii) raha eken'ny lalàn'ny Fanjakana misy ny toeram-piasana, fahafatesana na fahasimbana vokatry ny taratra avy amin'ny loharanon-taratra hafa ao amin'ny toeram-piasana nokleary.

« Zo manokana fisintomana » (DTS) : singa iray ampiasaina ho toy ny vondrona kajy araka ny famaritan'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena (FMI) ary ampiasainy amin'ny asa sy fifanakalozana ataony ;

« Mpampiasa » : olon-tsotra na fikambanana mizaka zo manana andraikitra sy adidy amin'ny mpiasa iray ampiasainy araka ny fifanarahana eo amin'izy ireo. Ny mpiasa tena dia raisina ho sady mpampiasa no mpiasa ;

« Fanobiana » : fitahirizana loharanon-taratra, faika voavaikantaratra na solika nokleary efa nampiasaina ao anaty toerana voaomana manokana, miantoka ny fitokanana, ny fiarovana ny tontolo iainana ary ny fanaraha-maso, mba hahafahana manangona azy indray ho karakaraina sy hotehirizina maharitra ;

« Zava-mitranga manohintohina ny fiarovana nokleary » : tranga mety hisy na efa misy fiantraikany amin'ny fiarovana nokleary ka ilàna fandraisana fepetra, toy ny halatra, halatra mitam-piadiana na fahazoana tsy ara-dalàna akora nokleary na akora voavaikantaratra, na fandrahonana azo inoana hanaovana izany ;

« Fanalàna » : fanesorana mialoha sokajy iray amin'ny fiatrehan-taratra tsy ho tafiditra amin'ny fampiharana ity lalàna ity satria tsy heverina ho mila fanaraha-maso ara-pitsipika ;

« Fanafahana » : fanapahan-kevitry ny antokon-draharaha mpametra-pitsipika fa loharano na fanao iray dia tsy ilàna fanaraha-maso ara-pitsipika amin'ny ampahany na manontolo, satria ambany loatra ny haavon'ny fiatrehan-taratra ka tsy ilàna izany, na io no fomba fiarovana mahomby indrindra ;

« Fanondranana » : famindrana ara-dalàna akora nokleary na akora voavaikantaratra avy eto amin'ny Repoblikan'i Madagasikara mankany amin'ny Fanjakana hafa ;

« Fiatrehan-taratra » : ny fiatrehana na fampiatrehana taratra. Mety ho ivelany na anatiny izany. Arakaraka ny toe-javatra dia mety ho fiatrehan-taratra voalamina, vonjy taitra na efa misy. Ary arakaraka ny olona voakasika dia mety ho fiatrehan-taratra matihanina, ara-pitsaboana na ho an'ny daholobe ;

« Fitantanana faika voavaikantaratra » : fitambaran'ireo asa ara-pitantanana sy ara-teknika mikasika ny fanavahana, fanangonana, fanasokajiana, fikarakarana, fanamboarana, fanobiana, fanomanana fitaterana ary fitaterana ny faika voavaikantaratra ;

« Fanafarana » : famindrana ara-dalàna akora nokleary na akora voavaikantaratra avy amin'ny Fanjakana hafa ho eto amin'ny Repoblikan'i Madagasikara ;

« Tranga » (Incident) : zava-mitranga tsy nahy toy ny hadisoana amin'ny fampiasana, fahasimban'ny fitaovana, tranga manomboka loza, na hetsika tsy nahazoana alalana, izay mety hisy vokany lehibe amin'ny fiarovana sy ny fahazoana antoka ;

« Fanaraha-maso » : fandinihana, fijerena, fandrefesana na fitsapana natao hanombanana ny rafitra, fitaovana, akora, asa, dingana ara-teknika sy fandaminana ary ny fahaizan'ny mpiasa ;

« Fotodrafitrasa » : ahitana toeram-piasana nokleary, toeram-panaovana irradiation, toeram-pitrandrahana sasany, toeram-pitantanana faika voavaikantaratra, ary toerana rehetra misy famokarana, fanodinana, fampiasana na fitahirizana akora voavaikantaratra na fitaovana mamokatra taratra ;

« Toeram-piasana nokleary » : toerana iray anaovana famokarana, fanodinana, fampiasana, fitahirizana na fitantanana akora nokleary na voavaikantaratra amin'ny haavo mitaky fepetra fiarovana manokana ;

« Ivon-toeram-pikarohana momba ny siansa sy teknika nokleary (I.N.S.T.N.) » : sampan-draharaham-panjakana natsangana tamin'ny Didim-panjakana laharana faha-92-869 tamin'ny 30 Septambra 1992 sy ireo rijan-teny manaraka azy ;

« Fidirana an-tsehatra » : hetsika atao hampihenana na hisorohana ny fiatrehan-taratra na hampihenana ny mety hisian'izany amin'ny loharano tsy voafehy na taorian'ny loza ;

« Fidirana an-tsehatra vonjy taitra » : fampiharana fepetra hampihenana ny voka-dratsin'ny toe-javatra maika amin'ny fahasalamana, fiarovana, fananana ary tontolo iainana ;

« Fanafahana amin'ny fanaraha-maso (libération) » : fanesorana akora voavaikantaratra amin'ny fanaraha-maso ataon'ny antokon-draharaha mpametra-pitsipika aorian'ny fanomezan-dalana ;

« Farafetra » : sanda iray tsy azo ihoarana amin'ny toe-javatra voafaritra ;

« Akora nokleary na akora voavaikantaratra tsy voafehy ara-pitsipika » : akora misy tsy nahazoana alalana noho ny tsy fahombiazan'ny fanaraha-maso na tsy fisian'izany ;

« Akora nokleary » : araka ny A.I.E.A, akora fissile na akora fototra voafaritra ao amin'ny fifanarahana fiantohana ;

« Akora voavaikantaratra » : akora iray fehezin'ny lalàna noho ny fananany radioaktivité ;

« Akora voavaikantaratra voajanahary (N.O.R.M.) » : akora voajanahary misy radionokleida voajanahary fotsiny ;

« Fepetra sahaza » : fepetra heverina ho mety sy mifanaraka amin'ny toe-javatra, arakaraka ny haben'ny loza, ny fahombiazany ary ny fahalalana ara-tsiansa ;

« Fampahafantarana » (Notification) : antontan-taratasy atolotra amin'ny Fahefam-Pirenena mba hampahafantarana ny fikasana hanao fanao iray na hampiasa loharanon-taratra ;

« Rafitra mpandrindra » : rafitra na vondrona manana fahefana ara-dalàna hamoaka fanomezan-dalana sy hanara-maso ny fiarovana nokleary, ny fiarovana amin'ny taratra, ny faika voavaikantaratra ary ny fitaterana ;

« Daholobe » : olona rehetra ao amin'ny mponina, afa-tsy ireo miatrika taratra noho ny asa na fitsaboana ;

« Fanao » : hetsika ataon'olombelona mampiditra na mampitombo loharanon-taratra na lalana miteraka fiatrehan-taratra, ka mampitombo ny isan'ny olona voakasika na ny mety hisian'izany.

« Fotokevitra momba ny fiarovana amin'ny taratra » dia ahitana :

a) ny fotokevitra fanamarinana

Ny hetsika sy toeram-piasana rehetra mety hiteraka loza radiolojika dia tsy maintsy hamarinina. Midika izany fa ny tombontsoa azo avy aminy dia tsy maintsy lehibe kokoa noho ny loza aterany amin'ny taratra.

b) ny fotokevitra fanatsarana ny fahazoana antoka sy ny fiarovana
Ho an'ny fiatrehan-taratra vokatry ny hetsika iray, ny fepetra fiarovana dia tsy maintsy miantoka fa ny fatran-taratra, ny isan'ny olona voakasika ary ny mety hisian'ny fiatrehan-taratra dia tazonina ho ambany indrindra araka izay azo heverina, manaja ny toe-karena sy ara-tsosialy.

Io fotokevitra io dia tsy maintsy hajaina mandritra ny androm-piainan'ny toeram-piasana na hetsika iray, nefa tsy manakana tsy ara-drariny ny fampiasana azy.

c) ny fotokevitra famerana ny fatra

Ny hetsika dia tsy maintsy tanterahina amin'ny fomba izay tsy hihoaran'ny fatran-taratra azon'ny olona iray ireo farafetra napetraky ny fitsipika sy fenitra, mba hisorohana loza tsy azo ekena vokatry ny fiatrehan-taratra.

---

« Protokola Fanampiny » : Fifanarahana fanampiny amin'ny Fifanarahana momba ny antoka, nanan-kery tamin'ny 18 Septambra 2003 ;

« Fiarovana amin'ny taratra» : fiarovana ny olona amin'ny voka-dratsin'ny fiatrehan-taratra mamorona iona sy ireo fomba hiantohana izany ;

« Taratra mamorona iona » : taratra rehetra afaka mamokatra iona ao anatin'ny akora biolojika;

« Famoahana (rejets) » : famoahana voalamina sy voafehy ao amin'ny tontolo iainana, ao anatin'ny fetra nahazoana alalana, ny akora voavaikantaratra avy amin'ny toeram-piasana ;

« Fitranga (risque) » : habe maneho ny loza na ny mety hisian'ny voka-dratsy mifandraika amin'ny fiatrehan-taratra, miankina amin'ny mety hisian'izany sy ny haben'ny vokany ;

« Loza radiolojika » : voka-dratsy ara-pahasalamana ateraky ny fiatrehan-taratra, anisan'izany ny mety hisian'izany sy ireo loza hafa mifandraika amin'ny fiarovana sy ny tontolo iainana, vokatry ny :

a) fiatrehan-taratra ;
b) fisian'ny akora voavaikantaratra na faika voavaikantaratra ;
c) fahaverezan'ny fanaraha-maso loharanon-taratra ;

« Filaminana nokleary » : fepetra hisorohana sy hamantarana ary hamehezana halatra, fanimbana, fidirana tsy nahazoana alalana na asa ratsy hafa mikasika akora nokleary na toeram-piasana ;

« Toe-javatra misy vonjy taitra nokleary na radiolojika » : toe-javatra maika vokatry ny angovo avy amin'ny antony nokleary na avy amin'ny fiatrehan-taratra ;

« Loharanon-taratra » : fitaovana mamokatra taratra na akora voavaikantaratra hafa ivelan'ny tsingerin'ny solika nokleary ;

« Loharanon-taratra voajanahary » : loharano rehetra misy ao amin'ny natiora toy ny masoandro, kintana na ny tany ;

« Loharanon-taratra tsy misy mpiahy » : loharano tsy eo ambany fanaraha-maso ara-pitsipika noho izy very, nafoy, nangalarina na tsy nahazoana alalana ;

« Loharanon-taratra voavaikantaratra » : akora voavaikantaratra voaisy tombo-kase na tsia, anisan'izany izay miparitaka raha misy fahasimbana, fa tsy tafiditra ny tehirizina maharitra na ao anatin'ny tsingerin'ny solika nokleary ;

« Loharanon-taratra nesorina tamin'ny fampiasana » : loharano tsy ampiasaina intsony ary tsy kasaina hampiasaina intsony ;

« Vokatra miaraka (sous-produits miniers) » : akora akoram-by azo miaraka amin'ny harena fototra ao anatin'ny faritra fitrandrahana iray, ary mety hahazoana tombony ara-toekarena ;

« Fitahirizana maharitra » : fametrahana faika voavaikantaratra amin'ny toerana voaomana tsy kasaina haverina intsony ;

«Fahazoana antoka » : fepetra hampihenana ny mety hisian'ny loza sy hanalefahana ny vokany raha misy izany ;

«Mpihazona fanomezan-dalana » na « Mpandraharaha » : olona na fikambanana manana fanomezan-dalana manan-kery amin'ny hetsika na toeram-piasana iray ary manana zo sy adidy amin'izany, indrindra amin'ny fiarovana sy ny fahazoana antoka ;

«Fitaterana » : asa rehetra mifandraika amin'ny fivezivezen'ny akora voavaikantaratra, anisan'izany ny famolavolana sy fikojakojana fonosana, ny fandefasana, fitondrana, fitahirizana vonjimaika, fampidinana ary fandraisana azy ;

«Mpiasa » : olona miasa amin'ny mpampiasa iray, na feno fotoana na ampahany na vonjimaika, ary manana zo sy adidy amin'ny fiarovana amin'ny taratra eo am-piasana. Ny mpiasa tena dia raisina ho manana ny adidin'ny mpampiasa sy ny mpiasa miaraka.

## Toko faha-2 – MOMBA NY FANOMEZAN-DALANA

**Andininy faha-7.-** Ny fanomezan-dalana omena araka ity lalàna ity momba ny fampiasana ny teknolojia nokleary sy ny loharanon-taratra mamorona iona eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara dia ho amin'ny tanjona am-pilaminana ihany.

### Sokajy voalohany – Fampahafantarana mialoha ny hetsika na toeram-piasana

**Andininy faha-8.-** Amin'ny ankapobeny, izay olona mikasa hanatanteraka hetsika na hampiasa toeram-piasana araka ity lalàna ity dia tsy maintsy mampahafantatra mialoha izany amin'ny ANSSN, amin'ny endrika sy fe-potoana voafaritra.

### Sokajy faha-2 – Fotokevitra momba ny fanomezan-dalana

**Andininy faha-9.-** Tsy misy olona mahazo manatanteraka hetsika na mampiasa toeram-piasana raha tsy nahazo fanomezan-dalana mazava sy mialoha avy amin'ny ANSSN, afa-tsy raha voafafa amin'ny fanaraha-maso ara-pitsipika ilay hetsika na toeram-piasana.

**Andininy faha-10**.- Ny ANSSN no mamaritra ny karazana fanomezan-dalana sy ireo tranga fanalàna na fanilihana mihatra eto Madagasikara araka ity lalàna ity sy ireo rijan-teny mifandraika aminy.

Izy ihany koa no mamaritra ny lisitry ny toeram-piasana sy hetsika izay ny fampahafantarana mialoha dia mitovy lenta amin'ny fanomezan-dalana.

**Andininy faha-11**.- Ny fanomezan-dalana dia tsy azo omena raha tsy efa nandalo fanombanana mialoha momba ny drafitra fahazoana antoka sy fiarovana ny hetsika na toeram-piasana, ary nahafeno ireo fepetra takiana napetraky ny ANSSN, ary izay :

a) tanterahina ho amin'ny tanjona am-pilaminana araka ny adidy iraisam-pirenena ananan'ny Repoblikan'i Madagasikara ;

b) mahasoa amin'ny ankapobeny ka ny tombontsoa azony dia lehibe kokoa noho ny loza radiolojika aterany ;

c) miantoka ny fiarovana ny olona, ny fananana, ny fiarahamonina ary ny tontolo iainana, ary koa ny fahazoana antoka sy fiarovana ireo akora voavaikantaratra sy loharanon-taratra ;

d) misy drafitra fidirana an-tsehatra vonjy taitra araka ny fepetra voafaritra.

Ny mpangataka dia tsy maintsy manaporofo fa afaka manaja ireo fepetra momba ny fahazoana antoka sy fiarovana. Ny fanombanana mialoha dia mikendry ny hanamarina fa manana fahaiza-mitantana mahomby amin'izany fepetra izany izy ary afaka mitazona izany.

### Sokajy faha-3 – Fomba hahazoana fanomezan-dalana

**Andininy faha-12**.- Ny ANSSN no mamaritra ny fomba fangatahana, fandinihana ary fanomezana fanomezan-dalana, arakaraka ny karazana fanomezan-dalana. Ireo fomba ireo dia mandinika ny toetran'ny loharano sy ny sokajin'akora, ny fepetra ara-teknika ankapobeny sy manokana, ny dingana samihafa amin'ny androm-piainan'ny toeram-piasana na hetsika, ary amin'ny ankapobeny ireo fepetra ara-dalàna sy ara-pitsipika mihatra.

**Andininy faha-13**.- Ny ANSSN dia mamaritra sy mamoaka vaovao momba ny dingana fanomezan-dalana, izay ahitana indrindra :

a) ny lisitry ny toeram-piasana sy hetsika mitaky fanomezan-dalana ;

b) ny fomba sy fe-potoana fangatahana, fandinihana ary fanomezana fanomezan-dalana ;

c) ny fepetra raisina amin'ny fanapahan-kevitra sy ny fototra ara-dalàna, anisan'izany ny fanazavana ny antony fandavana ny fangatahana ;

d) ny fepetra na fahaiza-manao takiana amin'ny mpangataka ;

e) ny fomba sy fepetra momba ny fandraisan'anjaran'ny daholobe amin'ny fanombanana ny fangatahana ;

f) ny fomba sy fepetra momba ny famoahana vaovao mifandraika amin'ny fandinihana fangatahana, anisan'izany ny fiarovana ny vaovao miafina ;

g) ny sarany sy haba mety takiana amin'ny fanomezan-dalana.

Andininy faha-14.- Izay olona na rafitra mangataka fanomezan-dalana dia :

a) tsy mahazo manomboka ny hetsika na fampiasana toeram-piasana raha tsy efa nahazo fanomezan-dalana ;

b) manolotra ny vaovao rehetra ilaina hanohanana ny fangatahana ;

c) mamaritra sy manampy amin'ny fangatahana ny toetra, ny mety hisian'ny fiatrehan-taratra ary ny lanjany, ary manolotra ny fepetra fiarovana rehetra ilaina ;

d) manolotra antontan-taratasy manaporofo ny fahazoana antoka ho fanombanana ;

e) manampy fanadihadiana mialoha momba ny fiantraikany radiolojika amin'ny tontolo iainana sy ny daholobe, arakaraka ny loza mifandraika amin'ilay hetsika na toeram-piasana ;

f) manampy fanadihadiana momba ny fiantraikany ara-tontolo iainana sy ara-tsosialy araka ny fepetra manan-kery.

Andininy faha-15.- Ankoatra ireo fepetra etsy ambony, ny fangatahana fanomezan-dalana dia tsy maintsy arahina fandoavana ny sara mifandraika aminy vao azo raisina.

Ny loharanon-taratra tsirairay na akora nokleary na akora voavaikantaratra tsirairay dia tsy maintsy anaovana fangatahana fanomezan-dalana manokana sy fandoavana sara.

Ny fanomezana fanomezan-dalana dia miankina amin'ny fandoavana ny haba isan-taona mifandraika aminy.

### Sokajy faha-4 – Fampiatoana, fanovana, fanavaozana, fanafoanana, fanesorana, fanaisotra

**Andininy faha-16.-** Ny fanomezan-dalana rehetra omena araka ity lalàna ity dia azo ajanona, ovaina, esorina, foanana na alaina indray amin'ny ANSSN raha misy fandikana ny fepetra namoahana azy, na raha tsy misy intsony ireo fepetra nahazoana azy, na raha hita fa mety hiteraka loza tsy azo ekena ho an'ny olona, ny fananana, ny fiarahamonina na ny tontolo iainana ny fanohizana ilay hetsika.

**Andininy faha-17.-** Ny ANSSN dia mamoaka toromarika manazava ny fomba sy fepetra momba ny fampiatoana, fanovana, fanavaozana, fanafoanana na fanaisotra fanomezan-dalana.

**Andininy faha-18.-** Ny fanomezan-dalana dia omena ho an'olona manokana. Azo havaozina izy io toy ny fangatahana vaovao. Ny fe-potoana handraisana ny fangatahana fanavaozana dia faritana amin'ny alalan'ny fitsipika.

**Andininy faha-19.-** Na izany aza, ny hetsika na toeram-piasana dia azo afindra na amidy amin'olona hafa amin'ny fanajana ireto fepetra manaraka ireto :

Ny tetikasa famindrana na fivarotana dia tsy maintsy ampahafantarina mialoha ny ANSSN. Aorian'izany fampahafantarana izany dia tsy maintsy atao fangatahana fanomezan-dalana vaovao ho an'ilay mpandray na mpividy.

Ny mpandray na mpividy vaovao dia tsy mahazo manatanteraka ny hetsika na mampiasa ny toeram-piasana raha tsy efa nahazo fanomezan-dalana vaovao. Io fanomezan-dalana vaovao io dia manafoana sy manolo ilay teo aloha.

Ny fanomezana fanomezan-dalana vaovao dia manaraka ireo fitsipika sy fepetra efa napetraka momba ny fahazoana fanomezan-dalana.

**Andininy faha-20**.- Ny mpihazona fanomezan-dalana dia tsy maintsy mampahafantatra mialoha ny ANSSN raha mikasa hampitsahatra ny hetsika na hanary ny fanomezan-dalana. Ny Fahefam-Pirenena dia manafoana ny fanomezan-dalana raha toa ka tsy manohintohina ny fiarovana ny olona, ny fananana, ny fiarahamonina na ny tontolo iainana izany.

**Andininy faha-21**.- Ny fanomezan-dalana dia tsy manan-kery intsony rehefa tapitra ny fe-potoana voafaritra na rehefa tanteraka ireo fepetra nahazoana azy.

**Sokajy faha-5 – Andraikitry ny mpihazona fanomezan-dalana**

**Andininy faha-22.-** Ny mpihazona fanomezan-dalana no tompon'andraikitra voalohany amin'ny fitantanana ny hetsika na ny fampiasana ny toeram-piasana amin'ny fomba azo antoka sy voaaro, amin'ny fanatanterahana ireo fepetra napetraky ny ANSSN, ary amin'ny fanajana ity lalàna ity sy ireo fitsipika rehetra mihatra.

**Andininy faha-23.-** Ny mpihazona fanomezan-dalana dia tsy maintsy mampahafantatra ny ANSSN raha mikasa hanao fanovana amin'ny hetsika na toeram-piasana, raha toa ka mety hisy fiantraikany lehibe amin'ny fiarovana izany. Tsy mahazo manatanteraka izany fanovana izany izy raha tsy efa nahazo alalana.

**Andininy faha-24.-** Ny mpihazona fanomezan-dalana dia manome ny vaovao rehetra ilain'ny ANSSN amin'ny fanatanterahana ny andraikiny ara-pitsipika.

Ireo vaovao ireo dia tsy maintsy tehirizina araka ny fepetra voafaritra ary atolotra ireo mpanara-maso raha angatahiny.

**Andininy faha-25**.- Ny mpihazona fanomezan-dalana dia tsy maintsy manaiky ny fanaraha-maso sy fitsirihana ataon'ny ANSSN.

Tsy maintsy mamela ny mpanara-maso hiditra amin'ny toerana rehetra izy.

Ankoatra izany dia tsy maintsy miara-miasa amim-pahatsorana sy an-tsitrapo mba hahafahan'ny mpanara-maso manatanteraka ny iraka ampanaovina azy.

## LOHATENY FAHA-2 – MOMBA NY ANTOKON-DRAHARAHA MPAMETRA-PITSIPIKA

### Toko voalohany – FAMORONANA

**Andininy faha-26**.- Atsangana amin'ity lalàna ity ny antokon-draharaha mpametra-pitsipika antsoina hoe « Fahefam-Pirenena Misahana ny Fahazoana Antoka sy Filaminana Nokleary », na « Autorité Nationale de Sureté et Sécurité Nucléaire», afohezina hoe ANSSN.

Ny ANSSN dia sampan-draharaham-panjakana manana endrika ara-pitantanana, eo ambany fiahian'ny Praiminisitra amin'ny lafiny teknika. Izy dia manana fahaleovantena ara-dalàna.

Amin'ny fanatanterahana ny asany, ny ANSSN dia manam-pahefana ara-pitantanana, mpametra-pitsipika ary mpanara-maso ny toeram-piasana sy hetsika, na efa misy na vaovao, mifandraika amin'ny fampiasana ny teknolojia nokleary amin'ny tanjona am-pilaminana eto Madagasikara.

**Andininy faha-27**.- Ny ANSSN dia mandray fanapahan-kevitra amin'ny fahaleovantena tanteraka eo amin'ny lafiny fahazoana antoka, ary misaraka amin'ireo sampan-draharaha na rafitra mety hisy fiantraikany tsy ara-drariny amin'ny fanapahan-keviny.

### Toko faha-2 – RAFITRA

**Andininy faha-28.-** Ny ANSSN dia ahitana rantsa-mpanapaka sy rantsa-mpanatanteraka.

**Andininy faha-29**.- Ny rantsa-mpanapaka ao amin'ny ANSSN dia ny Filankevi-pitantanana, izay manome tari-dalana sy mandray fanapahan-kevitra.

Ny didim-panjakana mamaritra ny sata mifehy ny ANSSN no mamaritra ny fe-potoam-piasana, ny fomba fanendrena, ny fomba fiasany ary ny fahefan'ny Filankevi-pitantanana.

**Andininy faha-30**.- Ny rantsa-mpanatanteraka ao amin'ny ANSSN dia ny Fitaleavam-pitantanana ankapobeny, tarihin'ny Tale Jeneraly iray voatendry amin'ny Didim-panjakana raisina eo anivon'ny Filankevitry ny Minisitra. Mitovy lenta amin'ny Tale Jeneralin'ny Ministera ny toerany.

Ny didim-panjakana mamaritra ny sata mifehy ny ANSSN no mamaritra ny fe-potoam-piasana, ny fomba fanendrena sy fanesorana, ny fomba fiasany ary ny fahefan'ny Tale Jeneraly.

**Andininy faha-31**.- Ny Fanjakana dia manome ny ANSSN fitaovana ara-pitaovana, ara-bola ary loharanon'olona sahaza hahafahany manatanteraka ny andraikiny araka ity lalàna ity sy ireo fitsipika ary fifanarahana iraisam-pirenena.

Amin'izany, ny Fanjakana dia manokana teti-bola ho an'ny ANSSN ao anatin'ny tetibolam-panjakana.

### Toko faha-3 – ASA SY ANDRAIKITRA

#### Sokajy voalohany – Fahefana ara-pitantanana

**Andininy faha-32**.- Ny ANSSN no fahefana ara-pitantanana ambony indrindra amin'ny sehatry ny fahazoana antoka, ny fiarovana nokleary ary ny rafitra fiantohana eto Madagasikara. Manana fahefana amin'ny fitantanana, fanapahan-kevitra, fanaraha-maso ary fampiharana sazy izy.

Ny ANSSN dia manatanteraka ireo andraikitra voalaza ato amin'ity lalàna ity.

Isan-taona dia mamoaka tatitra ampahibemaso momba ny asany sy ny toetry ny fampiasana azo antoka sy am-pilaminana ny teknolojia nokleary sy ny taratra mamorona iona eto Madagasikara izy, izay atolony ny Filohan'ny Repoblika sy ny Governemanta.

**Andininy faha-33**.- Amin'ny maha fahefana ara-pitantanana azy, ny ANSSN dia manao ireto asa manaraka ireto :

a) manome, manitsy, mampiato na manafoana fanomezan-dalana ary mamaritra ny fepetra mifehy ny toeram-piasana sy hetsika mampiasa taratra mamorona iona ;

b) mamaritra ny fanilihana sy fanafahana amin'ny fanaraha-maso ara-pitsipika ;

c) mamaritra ny adidin'ireo olona na rafitra nahazo alalana, anisan'izany ny lafiny ara-bola ;

d) manome fahazoan-dalana na manamarina ny fahaizan'ny mpiasa hiantohana ny fampiasana azo antoka ;

e) manamarina sy mankasitraka ireo rafitra teknika sy siantifika manampy azy amin'ny fanombanana sy fanaraha-maso ary fitantanana faika voavaikantaratra ;

f) mametra sy manangona haba sy sara mifandraika amin'ny fanomezan-dalana sy fidirana an-tsehatra ;

g) mangataka torohevitra amin'ny manam-pahaizana raha ilaina ;

h) mamorona sy mitahiry rejisitra nasionaly momba ny loharanon-taratra, akora nokleary ary akora voavaikantaratra ;

i) mamorona sy mitahiry rejisitra nasionaly momba ireo olona nahazo alalana ;

j) mamorona sy mitantana rafitra nasionaly fanisana sy fanaraha-maso ny akora nokleary sy voavaikantaratra ary ny toeram-piasana mifandraika aminy ;

k) mamorona sy mampihatra rafitra fanaraha-maso ny fanafarana sy fanondranana akora nokleary, loharanon-taratra, fitaovana, vaovao ary teknolojia araka ny adidy iraisam-pirenena.

### Sokajy faha-2 – Fahefana mpametra-pitsipika

**Andininy faha-34**.- Amin'ny maha fahefana mpametra-pitsipika azy, ny ANSSN dia manao ireto asa manaraka ireto :

a) manampy ny Governemanta amin'ny famolavolana politika sy paikady nasionaly momba ny fampiasana azo antoka sy am-pilaminana ny teknolojia nokleary ;

b) manolotra fitsipika fampiharana sy fanavaozana ity lalàna ity ;

c) mametra fenitra ho fiarovana ny olona, ny fiarahamonina, ny fananana ary ny tontolo iainana ;

d) mamoaka fitsipika sy torolalana ilaina amin'ny fampiharana ny lalàna ;

e) mamaritra ireo fiatrehan-taratra tsy tafiditra amin'ny fampiharana ity lalàna ity ;

f) miara-miasa amin'ny A.I.E.A. amin'ny fanatanterahana ny rafitra fiantohana sy fanaraha-maso;

g) mametra fepetra fiarovana ho an'ny akora nokleary sy toeram-piasana ;

h) mandray anjara amin'ny famaritana ny ambana fototra ho an'ny filaminana nokleary ;

i) mifandray mivantana amin'ireo sampan-draharaha hafa raha ilaina ;

j) mitarika na mandamina fikarohana momba ny fiarovana radiolojika ;

k) miara-miasa amin'ireo rafitra hafa amin'ny sehatra isan-karazany ;

l) mifanakalo vaovao sy miara-miasa amin'ireo firenena sy fikambanana iraisam-pirenena ;

m) mametraka rafitra fampahafantarana sy fandraisan'anjara an'ny daholobe ;

n) mangataka vaovao sy antontan-taratasy ilaina amin'ny sehatra rehetra ;

o) manatanteraka asa hafa rehetra ilaina hiarovana ny vahoaka sy ny tontolo iainana amin'ny voka-dratsin'ny taratra.

Andininy faha-35.- Ny ANSSN dia mametra fepetra hiarovana ny vaovao saro-pady mifandraika amin'ny fiarovana ara-batana sy ny fiarovana ny akora nokleary sy ny toeram-piasana, anisan'izany ireo vaovao azo araka ny Fifanarahana iraisam-pirenena momba izany.

**Sokajy faha-3 – Fahefana mpanara-maso**

**Andininy faha-36**.- Amin'ny maha fahefana mpanara-maso azy, ny ANSSN dia manao ireto asa manaraka ireto :

a) manara-maso, mitsirika, mandinika ary manombana ny toeram-piasana sy hetsika mba hanamarinana ny fanarahana ny lalàna, ny fitsipika ary ny fepetra napetraka amin'ny fanomezan-dalana ;

b) miantoka fa misy fepetra fanitsiana raisina raha misy toe-javatra mampidi-doza na mety hampidi-doza amin'ny toerana anaovana hetsika nahazo alalana ;

c) mandray fepetra fanerena raha misy tsy fanarahana ny lalàna na fitsipika, ary manasazy ara-pitantanana sy ara-bola, ary raha ilaina dia manenjika ny fandikan-dalàna ;

d) miara-miasa amin'ireo rafitra hafa eto amin'ny Repoblikan'i Madagasikara amin'ny fanomanana sy fanavaozana drafitra fiatrehana toe-javatra maika mifandraika amin'ny akora nokleary na akora voavaikantaratra, araka ny drafitra nasionaly.

**Sokajy faha-4 – Fitoriana**

**Andininy faha-37**.- Alohan'ny handehanana any amin'ny fitsarana ara-pitantanana na fitsarana mahazatra, ny fanapahan-kevitry ny ANSSN dia azo anoharana amin'ny fangatahana famakiana fanindroany eo anivon'ny Filankevi-pitantanana, izay mandinika sy manapaka indray ny raharaha.

**Toko faha-4 – FANOHANA ARA-TEKNIKA SY ARA-TSIANTIFIKA**

**Sokajy voalohany – Rafitra fanohanana ara-teknika sy ara-tsiantifika ary masoivoho foibe**

Andininy faha-38.- Ny ANSSN dia afaka miantso rafitra iray na maromaro ho fanohanana ara-teknika sy ara-tsiantifika hanampy azy amin'ny asa momba ny fiarovana amin'ny taratra, fahazoana antoka, fiarovana nokleary, fanaraha-maso ary fitantanana faika voavaikantaratra.

Ankoatra izany, ny rafitra voatendry ho Masoivoho Foibe dia manolotra fepetra ara-pitsipika ilaina amin'ireo sehatra ireo eto Madagasikara.

Andininy faha-39.- Ankoatra ny andraikiny manokana, ny sampan-draharaha ao amin'ny INSTN misahana ny fiarovana amin'ny taratra sy ny fitantanana faika voavaikantaratra dia manampy ny ANSSN amin'ny maha Masoivoho Foibe azy.

**Sokajy faha-2 – Laboratoara fanadihadiana nokleary**

**Andininy faha-40**.- Ny Fahefam-Pirenena dia mampiantrano Laboratoara fanadihadiana nokleary hanao fanadihadiana siantifika aorian'ny tranga mifandraika amin'ny fiarovana nokleary.

Ny INSTN no misolo tena izany vonjimaika mandra-piorin'ilay laboratoara.

### Sokajy faha-3 – Rafitra mpanolo-tsaina, manam-pahaizana ivelany ary mpamatsy tolotra nokleary

**Andininy faha-41**.- Ny ANSSN dia afaka mamorona komity na rafitra mpanolo-tsaina ilaina amin'ny fanatanterahana ny asany.

Afaka mampiasa manam-pahaizana ivelany, na avy eto an-toerana na avy any ivelany, ho mpanolotsaina ihany koa izy.

Na izany aza, ny fampiasana ireo rafitra na manam-pahaizana ireo dia tsy manaisotra ny andraikitry ny ANSSN araka ity lalàna ity sy ireo adidy iraisam-pirenena.

Ny ANSSN dia miantoka fa tsy misy fifandonan-tombontsoa na fiantraikany tsy ara-drariny amin'ny fanapahan-kevitra.

Izy ihany koa no manome fankatoavana ho an'ireo mpamatsy tolotra nokleary miasa eto Madagasikara ary manara-maso ny kalitaon'ny asany.

### Sokajy faha-4 – Fanabeazana sy Fampiofanana

**Andininy faha-42**.- Ny INSTN no rafitra nasionaly miandraikitra ny fanabeazana sy fampiofanana momba ny fiarovana amin'ny taratra mamorona iona sy filaminana nokleary eto Madagasikara.

Ny ANSSN dia afaka manamarina rafitra hafa manome fampianarana amin'io sehatra io.

Ireo fampianarana ireo dia tsy maintsy manaraka ny fenitra nasionaly sy ny an'ny AIEA.

Ny mpampianatra sy mpanofana dia tsy maintsy manana fahaiza-manao takian'ny ANSSN.

**Andininy faha-43**.- Ny INSTN dia mametraka programa fampiofanana voalohany sy mitohy, ary afaka mangataka fanampiana amin'ny AIEA na rafitra iraisam-pirenena hafa.

**Andininy faha-44.-** Ny mpihazona fanomezan-dalana sy ny olona miasa amin'ny taratra dia tsy maintsy mandalo fiofanana sy fanentanana araka ny fepetra napetraky ny ANSSN.

## Toko faha-5 – FITSIRIHANA

### Sokajy voalohany – Fandaminana

**Fanendrena ny mpanara-maso**

**Andininy faha-45.-** Ny ANSSN dia manendry olona hanao fitsirihana amin'ny toeram-piasana sy hetsika rehetra voakasik'ity lalàna ity.

Izy ihany koa no mamaritra ny fahaiza-manao ilaina sy manomana fiofanana ho an'ireo mpanara-maso.

**Andininy faha-46**.- Ireo mpanara-maso dia mitondra ny anaram-boninahitra hoe Inspecteurs Nucléaires ary manana fahefana mitovy amin'ny Officier de Police Judiciaire.

**Andininy faha-47.-** Alohan'ny hanombohana asa, ireo Inspecteurs Nucléaires dia mianiana eo anatrehan'ny Filohan'ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany araka ny lalàna mifehy ny fitsarana heloka bevava Malagasy.

Io fianianana io dia manan-kery manerana an'i Madagasikara.

**Fandaharan'asa fitsirihana**

Andininy faha-48.- Ny ANSSN dia mametraka fandaharan'asa fitsirihana hanamarinana ny fanarahana ny lalàna sy fitsipika ary ny fepetra amin'ny fanomezan-dalana.

Faritana ao ny karazana fitsirihana, ny faharetany, ny sehatra hodinihina ary ny fomba fiasa.

**Andininy faha-49**.- Ny ANSSN dia afaka mandefa mpanara-maso amin'ny toerana rehetra raha hitany fa ilaina.

Izy dia miantoka fa ampy ny loharano ara-bola, ara-teknika ary ara-olona ho an'izany.

**Andininy faha-50.-** Ny fitsirihana ataon'ny fanjakana dia tsy manala ny andraikitra voalohany ananan'ny mpihazona fanomezan-dalana amin'ny lafiny fahazoana antoka, ary tsy manolo ny fanaraha-maso ataony manokana.

## Sokajy faha-2 – Fomba fanatanterahana fitsirihana

**Andininy faha-51**.- Ny ANSSN dia manana fahefana hanao fitsirihana voalamina na tampoka, ampahafantarina mialoha na tsy ampahafantarina, ary hanao fanadihadiana rehetra ilaina hanamarinana ny fanarahana ity lalàna ity sy ireo fitsipika ary fepetra amin'ny fanomezan-dalana.

**Andininy faha-52.-** Ny mpanara-maso mitondra taratasy iraka dia mahazo miditra amin'ny fotoana rehetra amin'ny toerana rehetra anaovana sehatrasa mampiasa teknika nokleary, manerana ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara, mba :

a) hahazoana vaovao momba ny fiarovana sy fahazoana antoka radiolojika sy filaminana nokleary ;

b) hanamarinana ny fanarahana ny lalàna sy fitsipika ary ny fepetra amin'ny fanomezan-dalana ;

c) hanaovana fanadihadiana amin'ny tranga fiarovana nokleary, loza na trangan-javatra mifandraika amin'ny akora nokleary na voavaikantaratra ;

d) hanontaniana izay olona heverina fa misy ifandraisany amin'ny fitsirihana.

**Andininy faha-53.-** Ny valin'ny fitsirihana dia soratana amin'ny tatitra ara-dalàna ary tehirizina, ary ampiasaina ho fototra amin'ny fepetra fanitsiana na fanerena.

**Andininy faha-54.-** Ireo tatitra ireo dia tsy mila hajia na fisoratana anarana, ary manan-kery ara-dalàna mandra-pisehoan'ny porofo mifanohitra amin'izany. Raha mpanara-maso roa farafahakeliny no nanao sonia azy, dia manan-kery mandra-pamalian'ny fitsarana azy.

## Sokajy faha-3 – Fahefan'ny mpanara-maso nokleary « Inspecteurs Nucléaires »

**Andininy faha-55**.- Mandritra ny asany, ny mpanara-maso nokleary dia afaka mangataka fanampiana amin'ny mpitandro filaminana sy manam-pahaizana hafa araka ny safidiny.

Raha misy fanoherana na tsy fisian'ny tompon'andraikitra amin'ny toerana hojerena, ny fampiasana hery dia azo angatahana alalana amin'ny didin'ny Filohan'ny Fitsarana eo an-toerana araka ny fangatahana ataon'ny mpanara-maso nokleary.

**Andininy faha-56**.- Amin'ny ankapobeny, ireo mpanara-maso dia afaka mangataka fahazoan-dalana ara-pitsarana rehetra ilaina, toy ny fampiantsoana na fisavana.

**Andininy faha-57**.- Amin'ny maha «Officiers de Police Judiciaire » azy, ireompanara-maso nukleary dia afaka manamarina sy manoratra ny fandikan-dalàna rehetra mifandraika amin'ity lalàna ity sy ireo lalàna hafa momba ny akora nokleary sy voavaikantaratra.

Araka izany, izy ireo dia manana ny fahefana rehetra ekena sy omena ny Manamboninahitry ny Polisy Misahana ny Fanadihadiana Ara-pitsarana (Officiers de Police Judiciaire), araka ny fepetra voalazan'ny fehezan-dalàna momba ny fomba fanao ara-pitsarana heloka bevava eto Madagasikara.

**Andininy faha-58**.- Ny fandikana ny fepetra voalazan'ity Lalàna ity sy ireo didy aman-dalàna fampiharana azy dia tsaraina sy raketina anaty tatitra ara-panjakana ataon'ireo Mpanara-maso Nokleary na izay olona hafa efa nanao fianianana araka ny voalaza etsy ambony.

Ireo mpanara-maso dia manana ny fahefana fampiharana an-tery (fahefana fanerena) voalazan'ity Lalàna ity.

Ireo mpanara-maso izay eo an-toerana, raha ilaina, dia mahazo mandray fepetra fanitsiana avy hatrany raha toa ka misy tranga mety hiteraka loza lehibe amin'ny fiarovana sy ny filaminana nokleary ka hita fa mananontanona ny hitranga.

.

## LOHATENY FAHA-3 – MOMBA NY FAHAZOANA ANTOKA SY NY FILAMINANA NOKLEARY NY LOHARANON-TARATRA SY LOHARANO HAFA

**Andininy faha-59.-** Ny tanjon'ny fahazoana antoka radiolojika dia ny hiaro ny taranaka ankehitriny sy ho avy ary ny tontolo iainana amin'ny voka-dratsin'ny taratra mamorona iona.

Ny filaminana nokleary kosa dia mikendry ny hampihena ny mety hisian'ny loza na tranga vokatry ny fampiasana loharanon-taratra sy akora nokleary, ary hampihena ny vokany raha misy izany.

Ity tanjona fiarovana ity dia tanterahina nefa tsy manakana tsy ara-drariny ny fampiasana ny toeram-piasana na ny fanatanterahana hetsika.

Izy dia mihatra amin'ny dingana rehetra amin'ny androm-piainan'ny toeram-piasana na loharanon-taratra, anisan'izany ny fandrafetana, fanorenana, fampiasana, fanakatonana, fitaterana ary fitantanana faika voavaikantaratra.

**Andininy faha-60**.- Ny filaminana nokleary dia mikendry ny hiaro ny olona, ny fananana, ny fiarahamonina ary ny tontolo iainana amin'ny asa ratsy na tsy nahazoana alalana mikasika akora nokleary sy loharano voavaikantaratra.

### Toko voalohany – FIAROVANA AMIN'NY TARATRA

### Sokajy voalohany – Fanajana ny fotokevitra sy fepetra fiarovana

**Andininy faha-61.-** Ny fotokevitra momba ny fiarovana amin'ny taratra dia tsy maintsy ampiharina amin'ny toe-javatra rehetra misy fitarafana.

Ny fepetra raisina dia mifanaraka amin'ny haavon'ny loza radiolojika.

**Andininy faha-62**.- Tsy misy hetsika na toeram-piasana azo ekena raha tsy manome tombontsoa lehibe kokoa noho ny loza mety aterany, araka ny lafiny ara-toekarena sy ara-tsosialy.

**Andininy faha-63**.- Ny mpihazona fanomezan-dalana no tompon'andraikitra voalohany amin'ny fiarovana sy fahazoana antoka amin'ny hetsika na toeram-piasana mampiasa taratra sy akora nokleary.

Andininy faha-64.- Alohan'ny hanomezana fanomezan-dalana, ny ANSSN dia manamarina fa mahafeno fepetra momba ny fiarovana amin'ny taratra ny mpangataka.

Aorian'ny fanomezan-dalana dia manohy manara-maso izany hatrany izy.

Ireo fepetra ireo dia mikendry indrindra ny hahazoana antoka fa :

a) mahatakatra tsara ny fotokevitra fiarovana amin'ny taratra ny mpangataka ;

b) mandray fepetra hiarovana ny mpiasa sy ny vahoaka izy, amin'ny fitazonana ny fatra ho ambany ;

c) mampihatra fepetra teknika sy fandaminana hiantohana ny fiarovana ;

d) mampihatra drafitra vonjy taitra ;

e) manaja ny fetra fatra ary manara-maso ny fiatrehan-taratra ;

f) manana loharano ara-bola sy ara-olona ampy ;

g) manana vola natokana ho an'ny fitantanana faika sy loza mety hitranga ;

h) manome fahafahana hiditra amin'ny mpanara-maso ;

i) tsy manova sehatrasa raha tsy nahazo alalana ;

j) manome vaovao rehetra ilaina amin'ny ANSSN.

### Sokajy faha-2 – Fametrahana ny fepetra sy fenitra ara-pitsipika momba ny fiarovana amin'ny taratra

**Andininy faha-65**.- Ny fepetra, fenitra ary dingana momba ny fiarovana amin'ny taratra dia apetraky ny ANSSN arakaraka ny toe-javatra sy sokajin'ny fiatrehan-taratra, ary amin'ny fandinihana ny soso-kevitra sy fenitra avy amin'ireo fikambanana iraisam-pirenena ekena, indrindra ny AIEA.

**Andininy faha-66**.- Ny ANSSN dia mamaritra ireo loharanon-taratra na fomba fanao izay afaka esorina amin'ny fanaraha-maso ara-pitsipika araka ireto fepetra ireto :

a) kely dia kely ny loza radiolojika ho an'ny olona ka tsy ilaina fehezina ;

b) kely dia kely ny fiantraikany amin'ny vahoaka ka tsy mitaky fanaraha-maso ;

c) heverina ho azo antoka tanteraka ilay loharano na fomba fanao ka tsy misy vintana hiteraka fandikana ireo fepetra etsy ambony.

**Andininy faha-67**.- Ny fetra ambany ahafahana manala akora voavaikantaratra amin'ny fanaraha-maso dia apetraky ny ANSSN.

### Sokajy faha-3 – Fepetra manokana ho an'ny mpiasa tratran'ny taratra mamorona iona

**Andininy faha-68**.- Ny fampiasana olona amin'ireo asa ireo dia tsy maintsy manaraka ny fepetra sy fenitra momba ny fiatrehan-taratra eo amin'ny asa, ary koa ireo lalàna momba ny asa eto Madagasikara.

**Andininy faha-69.-** Voarara ny mampiasa olona latsaky ny 18 taona amin'ny asa mety hiteraka fiantrehan-taratra.

Ny fampiasana vehivavy mety hiteraka na bevohoka amin'izany asa izany dia tsy maintsy manaraka ny lalàna manan-kery.

### Sokajy faha-4 – Fiarovana manokana ny marary

**Andininy faha-70**.- Ny olona nahazo alalana hanao fitsaboana dia tsy maintsy miantoka fa tsy misy marary tratran'ny taratra raha tsy voatendrin'ny dokotera tompon'andraikitra amin'ny fiarovana sy fahazoana antoka izany, ao anatin'ny fitsaboana na fitiliana.

### Sokajy faha-5 – Fiarovana ny vahoaka sy ny tontolo iainana

**Andininy faha-71**.- Ny haavon'ny fiarovana sy ny fomba hiarovana ny vahoaka sy ny tontolo iainana amin'ny loza ateraky ny taratra dia faritan'ny ANSSN.

Izy ihany koa no mamaritra ny fomba fampahafantarana sy fandraisan'anjaran'ny vahoaka amin'ny raharaha mifandraika amin'ny fahazoana antoka radiolojika sy filaminana nokleary.

**Andininy faha-72.-** Voarara ny manampy « radionucléide » amin'ny entana ho an'ny besinimaro raha tsy misy antony mazava.

Ireo vokatra mety hiteraka fiatrehan-taratra dia azo omena ny vahoaka ihany raha voamarina ny fampiasana azy na nahazo alalana manokana araka ny fenitra manan-kery.

**Sokajy faha-6 – Akora voavaikantaratra voajanahary (NORM)**

**Andininy faha-73**.- Ny ANSSN dia mamaritra ny fepetra sy fomba fiarovana momba ny akora voavaikantaratra voajanahary arakaraka ny toe-javatra sy ny karazana sehatrasa.

**Andininy faha-74**.- Ny ANSSN dia mametraka ny fepetra sy lisitry ny indostria mety hiteraka fiatrehan-taratra amin'ny NORM, izay ho voafehin'ity sokajy ity.

**Toko faha-2 – LOHARANON-TARATRA SY LOHARANO HAFA MAMOKATRA TARATRA**

**Sokajy voalohany – Fanaraha-maso ara-pitsipika ny loharanon-taratra**

**Andininy faha-75.-** Ny ANSSN dia mametraka rafitra fanaraha-maso ny loharanon-taratra mamorona iona sy ireo fitaovana misy izany, mba hiantohana fa tantanana am-pilaminana sy azo antoka mandritra ny androm-piasany sy aorian'izany izy ireo.

Araka ny fenitra iraisam-pirenena, ny ANSSN dia mamaritra sokajy ho an'ireo loharanon-taratra arakaraka ny toetrany, ny habetsahany, ny loza mety aterany amin'ny olona sy ny tontolo iainana, ary ny voka-dratsy mety hitranga raha tsy voafehy tsara izy ireo.

**Sokajy faha-2 – Fanisana sy rejisitra nasionaly**

**Andininy faha-76.-** Ny ANSSN dia manisa ireo loharano voavaikantaratra sy loharanon-taratra rehetra eto amin'ny firenena ary mitahiry izany ao anaty rejisitra nasionaly havaozina tsy tapaka.

Izy ihany koa no mandray fepetra hiarovana ny vaovao ao anatin'izany rejisitra izany.

**Sokajy faha-3 – Fanondranana sy fanafarana**

**Andininy faha-77.-** Araka ny torolalan'ny AIEA, ny ANSSN dia mametraka fitsipika sy fomba fanao, anisan'izany ny fitsirihana, amin'ny fanomezana alalana amin'ny fanondranana, fanafarana ary fitaterana loharanon-taratra miditra, mivoaka na mandalo eto Madagasikara.

Ny fomba fanao apetraka araka ny andalana teo aloha dia tsy maintsy mamaritra ny fanombanana ireo vaovao sy antontan-kevitra voaray mba hanamarinana fa ny mpandray dia nahazo alalana handray ilay loharano nangatahana ary manana ny fitaovana sy fepetra sahaza hiantohana ny fahazoana antoka radiolojika sy filaminana nokleary.

Ireo fomba fanao ireo ihany koa no mamaritra ireo tranga izay hahatonga ny fanomezana fahazoan-dalana hanafatra ho miankina amin'ny fisian'ny fifanarahana eo amin'ny mpamatsy sy ny mpanafatra momba ny famerenana ilay loharano any amin'ny firenena niaviany rehefa tapitra ny androm-pampiasana azy.

Mikasika ny fangatahana fanondranana loharanon-taratra, ny ANSSN dia manamarina, araka izay azo atao, fa ny Fanjakana mpanafatra dia manana ny fahaiza-manao ara-teknika sy ara-pitantanana, ny loharanon-karena ary ny rafitra mifehy sy manara-maso sahaza mba

hahafahany mitantana ilay loharano nangatahana amin'ny fomba azo antoka sy manome antoka ny filaminana.

**Sokajy faha-4 – Fitantanana loharano tsy ampiasaina**

**Andininy faha-78**.- Ny ANSSN dia mametraka fitsipika sy rindran-damina hiantohana ny fitantanana azo antoka ny loharanon-taratra nesorina tamin'ny fampiasana.

Ireo hetsika rehetra mifandraika amin'izany dia mila fanomezan-dalana sy fanaraha-maso.

Ny loharano nesorina dia mbola eo ambany fanaraha-maso ara-pitsipika hatrany.

Ny fitsipika momba ny fanafarana sy fanondranana dia mihatra ihany koa amin'ireo loharano ireo.

Mifototra amin'ireo toromarika iraisam-pirenena ary mifanaraka amin'ny politika nasionaly sy ireo paikady napetraka ho amin'izany, ny ANSSN dia mamolavola sy mamoaka fitsipika, torolalana ary rafitra mikasika ny fitantanana azo antoka sy voaaro ny loharano voavaikantaratra tsy ampiasaina.

Noho izany, ny asa rehetra mifandraika amin'ny fitantanana ireo loharanon-taratra tsy ampiasaina intsony dia hilaina fahazoan-dalana, ny fanaraha-maso ary ny fampiharana ireo fepetra ara-dalàna sy ara-pitantanana manan-kery.

Ny loharanon-taratra rehetra nesorina tsy ampiasaina intsony dia mitoetra hatrany eo ambany fanaraha-maso ara-dalàna mandritra ny fotoana rehetra.

Anisan'izany, ny fepetra mifehy ny fanondranana sy ny fanafarana loharano voavaiakantaratra dia mihatra ihany koa amin'ireo loharanon-taratra voavaikantaratra nesorina tsy ampiasaina intsony.

**Sokajy faha-5 – Loharanon-taratra tsy voafehy**

**Andininy faha-79.-** Ny ANSSN dia mitaky amin'ny mpihazona fanomezan-dalana mba hampahafantatra avy hatrany raha misy fahaverezana ny akora nokleary na loharanon-taratra, na misy tranga mety hampidi-doza.

Ny mpihazona fanomezan-dalana dia tsy maintsy mandray ny fepetra rehetra ilaina hamerenana ny fanaraha-maso amin'izany loharanon-taratra izany.

**Andininy faha-80.-** Raha tsy fantatra ny tompon'andraikitra amin'ny loharanon-taratra iray anisan'izany ny loharanon-taratra very na tsy misy mpiahy dia ny Fanjakana no tompon'andraikitra aminy amin'ny alalan'ny Masoivoho Foibe misahana ny faika voavaikantaratra.

**Andininy faha-81**.- Ny ANSSN no mandrindra ny famolavolana paikady nasionaly hahafahana mamerina haingana ny fanaraha-maso amin'ireo loharanon-taratra tsy voafehy.

**Toko faha-3 – AKORAM-BY VOAVAIKANTARATRA**

**Sokajy voalohany – Fitsipika momba ny fitrandrahana sy fanodinana ireo akoram-by mety mamoaka taratra mamorona iona**

**Andininy faha-82**.- Ny ANSSN dia mametraka fepetra momba ny fanomezan-dalana ho an'ny asa fikarohana sy fitrandrahana harena an-kibon'ny tany mety hiteraka fitarafana amin'ny taratra mpamorona iona.

Ireo fepetra ireo dia mihatra indrindra amin'ireto manaraka ireto :

a) Ny asa rehetra momba ny fikarohana harena an-kibon'ny tany izay mety hiteraka fiparitahan'ny olona amin'ny taratra mamorona iona ;

b) Ny fanesorana avy amin'ny toerana iray ireo harena an-kibon'ny tany, vokatra ateraky ny fitrandrahana ary faika avy amin'ny asa fitrandrahana izay mety ahitana uranium na thorium, ho an'ny andrana na fanombanana, raha tsy misy fanafahana manokana amin'izany ;

c) Ny asa fitrandrahana atao eo amin'ny toerana iray, anisan'izany ny toeram-pitrandrahana andrana, mba hanombanana na hamaritana ny haben'ny tahirin-karena an-kibon'ny tany ao anatin'ny asa fikarohana ;

d) Ny fifantenana toerana, ny fananganana na ny fampandehanana toeram-pitrandrahana na ozinina fanodinana ;

e) Ny fitaterana ireo vokatra azo avy amin'ny asa fitrandrahana na fanodinana ;

f) Ny fanafoanana ny fampiasana na ny fanakatonana toeram-pitrandrahana na ozinina fanodinana ;

g) Ny fitantanana ny faika voavaikan-taratra.

Ankoatra ny fepetra ao amin'ny fehezan-dalana momba ny harena an-kibon'ny tany (Code minier), ireo asa ireo dia tsy maintsy mahazo fahazoan-dalana mialoha avy amin'ny ANSSN.

Andininy faha-83.- Ny ANSSN dia mametraka ireo fepetra momba ny fiarovana amin'ny taratra, ny fahazoan'antoka, ny filaminana ary ny antoka ara-nokleary ho an'ny fanatanterahana ny asa fitrandrahana sy fanodinana akora sy akoram-by izay mety hampidi-doza amin'ny fahasalamana, ny fahazoan'antoka ary ny filaminana noho ny fiatrehan-taratra mamorona iona.

Ireo fepetra ireo dia ahitana indrindra ny fiarovana amin'ny fiparitahan'ny akora voavaikantaratra voajanahary (NORM) mandritra ny asa fitrandrahana sy fitrandrahana vato, izay iharan'ny fanaraha-maso radiolojika ny mpiasa sy ny vahoaka ary ny fitsirihana araka ny fenitra sy fomba fanao napetraky ny ANSSN.

**Andininy faha-84**.- Ny ANSSN dia mametraka rafitra fanaraha-maso sy fanadihadiana mba hiantohana ny fanarahana ireo fepetra voalaza etsy ambony.

### Sokajy faha-2 – Fitrandrahana sy fanodinana akoram-by misy uranium sy thorium

**Andininy faha-85**.- Izay rehetra maniry hahazo fahazoan-dalana momba ny harena an-kibon'ny tany sy, raha ilaina, fahazoan-dalana hiasa mifandraika amin'ny fikarohana, fitrandrahana, fanodinana, fanovàna, famonosana, fitaterana ary fivarotana uranium sy thorium, dia tsy maintsy mahazo fankatoavana mialoha avy amin'ny ANSSN, ankoatra ny fanarahana ny fehezan-dalana momba ny harena an-kibon'ny tany izay manan-kery.

**Andininy faha-86**.- Ireo tompon'ny fahazoan-dalana momba ny harena an-kibon'ny tany dia tsy maintsy manome mialoha ny ANSSN ny momba ireto lafiny manaraka ireto :

a) Fanofana, fifanarahana na porofo momba ny zo hampiasa ny toerana ;

b) Toetoetry ny toerana (géologie sy minéralogie) ;

c) Safidin'ny toerana na drafitra fanorenana ;

d) Fandinihana ara-teknika momba ny toeram-pitrandrahana na fanodinana ;

e) Asa kasaina hatao sy teknika ampiasaina ary fitaovana ;

f) Habetsahan'ny uranium sy/na thorium hotrandrahina ;

g) Fitaterana ny akora ;

h) Tombana ny fiparitahan'ny taratra sy ny dose ho an'ny mpiasa ;

i) Fepetra fiarovana sy fanaraha-maso ;

j) Fomba fisorohana loza ;

k) Drafitra fitantanana rano maloto sy faika misy singa voavaikantaratra ;

l) Fepetra hiatrehana loza sy fiparitahan'ny loto ;

m) Fiantraikany amin'ny fahasalamana sy tontolo iainana ary ny fomba hanalefahana izany ;

n) Fampiofanana ny mpiasa momba ny radioprotection sy sûreté ;

o) Safidy toerana fitahirizana faika sy tahiry ;

p) Drafitra fanakatonana sy fanarenana ny toerana miaraka amin'ny lafiny ara-bola ;

q) Fepetra fiarovana ;

r) Fahazoan-dalana ara-tontolo iainana sy antontan-taratasy mifandraika aminy (PGES raha ilaina) ;

s) Fahazoan-dalana ara-miniera sy famintinana ny cahier des charges miaraka amin'ny toerana misy ilay faritra.

## Toko faha-4 – FAIKA VOAVAIKANTARATRA

### Sokajy voalohany – Politika sy paikady nasionaly

**Andininy faha-87.-** Ny ANSSN dia mamolavola politika sy paikady nasionaly momba ny fitantanana faika voavaikantaratra, izay ankatoavina eo amin'ny sehatra nasionaly.

### Sokajy faha-2 – Fitsipika ankapobeny

**Andininy faha-88.-** Amin'ny dingana rehetra amin'ny fitantanana faika voavaikantaratra eto Madagasikara dia ampiharina ireto fitsipika ireto :

a) Arovana ny olona sy ny tontolo iainana amin'ireo fanahiana radiolojika sy ireo fanahiana hafa;

b) Ahena araka izay azo atao ny famokarana faika ;

c) Raisina an-tanana ny fifandraisan'ireo dingana samihafa ;

d) Hajaina ny fenitra iraisam-pirenena indrindra ny an'ny AIEA ;

e) Raisina an-tsaina ny loza biolojika sy simika ;

f) Raisina an-tsaina ny criticité sy ny hafanana sisa ;

g) Sorohina ny fiantraikany ratsy amin'ny taranaka ho avy ;

h) Sorohina ny enta-mavesatra tafahoatra ho an'ny taranaka ;

i) Apetraka ny rafitra famatsiam-bola mifanaraka amin'izany.

### Sokajy faha-3 – Tompon’andraikitra amin’ny faika voavaikantaratra

**Andininy faha-89.-** Ny tompon’ny asa mamokatra faika dia tompon’andraikitra amin’izany sy ny fitantanana azy.

Izy no tompon'andraikitra voalohany amin'ny fahazoana antoka sy ny filaminana nokleary momba ireo faika voavaikantaratra ao anatiny na ivelan'ny fotodrafitrasa fitantanana faika voavaikantaratra mandritra ny androm-piainany manontolo, mandra-pahatongan'ny fitehirizana maharitra azy ireo na ny famindrana azy araka ny fepetra napetraky ANSSN.

Azony atao ny manankina ny fitantanana izany amin'olona iray nahazo fankatoavana na amin'andrim-panjakana iray nahazo fankatoavana avy amin'ny ANSSN.

**Andininy faha-90.-** Ny Fanjakana no miandraikitra ny faika voavaikantaratra raha toa ka tsy afaka mitantana izany ny mpamokatra, na nesorina ny fahazoan-dalany, na tsy misy intsony izy na tsy fantatra.

Izany dia tanterahina amin’ny alalan’ny Masoivoho Foibe misahana ny fitantanana faika voavaikantaratra.

**Andininy faha-91**.- Amin’ny ankapobeny, ny Masoivoho Foibe no tompon’andraikitra nasionaly amin’ny fitantanana faika voavaikantaratra.

**Andininy faha-92.-** Ity Masoivoho Foibe ity dia mahazo mitahiry faika voavaikantaratra maharitra ela na manana radioactivité avo.

**Andininy faha-93.-** Izay olona na fikambanana mamokatra faika voavaikantaratra dia tsy maintsy miantoka ny vola ilaina amin’ny fitantanana azy araka ny fepetra napetraky ny ANSSN.

Ny Fanjakana kosa dia miantoka ny fandaniana mifandraika amin’ny asa ho an’ny daholobe ataon’ny Masoivoho Foibe misahana ny fitantanana faika voavaikantaratra.

### Sokajy faha-4 – Drafitra fitahirizana farany

**Andininy faha-94**.- Ny tompon’ny fanomezan-dalana ho an’ny toeram-pitahirizana farany ny faika voavaikantaratra dia mamolavola drafitra fanakatonana io toerana io, izay ahitana fanaraha-maso ara-panjakana, mavitrika ary tsy mavitrika. Tsy maintsy ankatoavin’ny ANSSN ny momba ny fahazoana antoka radiolojika sy ny filaminana nokleary mahakasika io drafitra io alohan’ny hanomezana alalana hampiasa ilay toerana.

### Sokajy faha-5 – Fandraràna ny fanafarana faika voavaikantaratra

**Andininy faha-95.-** Voarara tanteraka ny fanafarana na fampidirana eto amin’ny Repoblikan’i Madagasikara faika voavaikantaratra avy any ivelany, na inona na inona antony.

### Sokajy faha-6 – Fanondranana faika voavaikantaratra

**Andininy faha-96.-** Ny faika voavaikantaratra vokarina eto Madagasikara dia tsy azo aondrana raha tsy mahazo fanomezan-dalana manokana avy amin’ny ANSSN.

Tsy azo omena alalana mihitsy ny fanondranana faika ho any amin’ny faritra atsimon’ny parallèle faha-60 amin’ny ila-bolan-tany atsimo, na ho fitahirizana na ho fanariana farany.

**Andininy faha-97**.- Ireto no fepetra raisina rehefa mandinika ny fanomezan-dalana fanondranana :

a) Nampahafantarina mialoha ny firenena handray ary nanaiky izany ;

b) Ny fitaterana dia manaraka ny fenitra iraisam-pirenena amin'ireo firenena handalovana ;

c) Ny firenena handray dia manana rafitra ara-pitantanana sy ara-teknika ary fitsipika ahafahana mitantana ireo faika voavaikantaratra am-pilaminana, araka ny fenitra iraisam-pirenena, indrindra ny an'ny AIEA.

**Andininy faha-98**.- Raha toa ka tsy azo tanterahina araka ity lalàna ity ny fanondranana efa nahazo alalana, dia tsy maintsy tehirizina eto amin'ny faritra natokana ho amin'izany eto amin'ny firenena ireo faika.

## Toko faha-5 – FITATERANA AKORA VOAVAIKANTARATRA

**Andininy faha-99.-** Ny fitaterana akora voavaikantaratra dia tsy maintsy atao araka ny fepetra napetraky ny ANSSN.

**Andininy faha-100**.- Ny ANSSN dia mametraka fitsipika momba ny fitaterana akora voavaikantaratra miditra, mivoaka na mandalo eto Madagasikara.

Ireo fitsipika ireo dia ahitana :

- fanasokajiana arakaraka ny loza mety aterany : karazana, habetsahana, haavon'ny tahan'ny radioactivité ;
- fanarahana ny fitsipika ara-teknika farany navoakan'ny AIEA momba ny fitaterana ;
- fanajana ireo fenitra farany momba ny fahazoana antoka sy ny filaminana.

Raha tsy misy fitsipika nasionaly, dia ampiharina mivantana ny fenitra farany navoakan'ny AIEA. Amin'ny tranga rehetra, ny fanajana ny fenitra AIEA farany dia heverina ho fanajana ny fitsipika nasionaly.

## Toko faha-6 – FANAFOANANA NA FANAFOANANA NY FAMPIASANA TOERANA (DÉCLASSEMENT)

**Andininy faha-101**.- Ny ANSSN dia mametraka ny fitsipika momba ny fanafoanana ny fampiasana ny toeram-piasana.

**Andininy faha-102**.- Ny sokajin-toerana iharan'ny famaranana fampiasana, ny votoatin'ny drafitra, ny fanavaozana sy fanatanterahana azy ary ny lafiny ara-bola dia faritana amin'ny alalan'ny fitsipika.

Misy petra-bola nasionaly ho an'ny famaranana fitantanana sy fitantanana ny faika voavaikantaratra vokatr'izany, izay manampy amin'ny famatsiam-bola ny asa ataon'ny Fanjakana sy ny Masoivoho Foibe, ary koa amin'ny tranga tsy misy tompon'andraikitra intsony. Ny fandaminana sy ny fomba fiasan'io petra-bola io dia faritana amin'ny didy.

Andininy faha-103.- Ny tompon'ny fanomezan-dalana dia tsy maintsy mamolavola sy mitazona drafitra famaranana fampiasana mifanaraka amin'ny karazana sy satan'ny toerana, izay manaporofo fa azo atao am-pilaminana izany.

Ny drafitra voalohany dia atolotra miaraka amin'ny fangatahana fahazoan-dalana hanorina ny toerana ary tsy maintsy ankatoavin'ny ANSSN.

Tsy maintsy dinihina sy havaozina tsy tapaka io drafitra io arakaraka ny tantaran'ny fampiasana ilay toerana. Rehefa mangataka hanao famaranana fitantanana, dia tsy maintsy manolotra drafitra farany ny tompon'ny fanomezan-dalana.

### Toko faha-7 – FIAROVANA NY AKORA VOAVAIKANTARATRA

**Andininy faha-104**.- Ny tompon'ny fanomezan-dalana amin'ny fampiasana toeram-piasana na fanatanterahana asa mampiasa akora voavaikantaratra dia tompon'andraikitra voalohany amin'ny fiarovana ara-batana sy ny fiantohana ny filaminana noklearin'ireo akora sy ny toeram-piasana mifandraika amin'izany, araka ny fitsipika sy ny fepetra napetraka.

Raha misy tranga mikasika ny ANSSN momba ny zava-nitranga sy ny antony ;
b) mampihatra avy hatrany ny drafitra vonjy taitra ;
c) mandefa tatitra an-tsoratra amin'ny antsipiriany haingana araka izay azo atao ;
d) manome fanazavana fanampiny rehetra takian'ny ANSSN.

**Andininy faha-105.-** Voarara ny famoahana vaovao saro-pady, anisan'izany ireo vaovao azo araka ny fifanarahana momba ny fiarovana ara-batana ny akora nokleary sy ny fanitsiana azy.

### Toko faha-8 – FIOMANANA SY FITANTANANA NY VONJY TAITRA

#### Sokajy voalohany – Drafitra vonjy taitra

**Andininy faha-106**.- Tsy misy fahazoan-dalana azo omena ho an'ny fanatanterahana asa iray, ny fampandehanana fotodrafitrasa iray, na ny fitazonana sy fampiasana loharanon-taratra iray, raha mbola tsy namolavola drafitra sahaza momba ny fiomanana sy ny fitantanana ny fandraisana andraikitra vonjy taitra ny mpangataka ary tsy mbola nankatoavin'ny ANSSN izany.

Ny ANSSN dia mitaky, amin'ny alalan'ny fitsipika na fepetra voafaritra ao anatin'ny fahazoan-dalana, ny famolavolana sy fankatoavana drafitra vonjy taitra anatiny sy ivelany ho an'ny fotodrafitrasa, asa na loharano rehetra izay mety hitaky fandraisana andraikitra vonjy taitra.

Amin'ny fanomanana ny drafitra vonjy taitra dia tsy maintsy raisina an-tsaina manokana ireto manaraka ireto :

a) fanombanana ny toetra, ny mety hisian'ny tranga ary ny halehiben'ny fahavoazana mety hitranga vokatr'izany, indrindra ho an'ny mponina sy ireo faritra mety ho tratran'ny loza vokatry ny loza, asa feno fikasana ratsy na tranga tsy ara-dalàna ;

b) ny vokatry ny famakafakana ireo loza sy ny lesona azo avy amin'ny traikefa ary/na avy amin'ireo tranga tsy ara-dalàna sy loza nitranga nandritra ny fanatanterahana asa mitovy amin'izany.

Ny drafitra vonjy taitra dia tsy maintsy ahitana indrindra :

a) ny adidin'ny tompon'ny fahazoan-dalana hampandre avy hatrany ny toe-javatra na tranga rehetra mety hiteraka ratra na fahavoazana ara-radiolojika ka mitaky fandraisana andraikitra vonjy taitra ;

b) ny andraikitra omena ny tsirairay mikasika ny fampahafantarana ireo rafitra voakasika amin'ny fandraisana andraikitra vonjy taitra sy ny fampandehanana ny hetsika vonjy taitra ;

c) ireo fepetra sy toe-javatra mety hitaky ny fandraisana andraikitra vonjy taitra ;

d) ireo ambaratongam-pandraisana andraikitra ho an'ny fepetra fiarovana sy ny sehatra ampiharana azy, arakaraka ny hamafin'ny toe-javatra vonjy taitra mety hitranga ;

e) ireo fomba fiasa, anisan'izany ny fandaminana ny fifandraisana, hahafahana mifandray amin'ireo rafitra mpandray andraikitra amin'ny vonjy taitra sy mangataka ny fanampian'izy ireo;

f) famaritana ireo fomba sy fitaovana ilaina amin'ny fanombanana ny toe-javatra vonjy taitra sy ny vokany ;

g) ireo mason-tsivana hamaranana ny fepetra fiarovana tsirairay ;

h) fandaminana momba ny fanofanana ireo mpandray andraikitra sy ny fanatanterahana fanazarantena ara-pampiharana, araka izay ilaina, mba hitsapana ny fahombiazan'ny drafitra sy hiantohana fa ireo rehetra mety handray anjara amin'ny hetsika vonjy taitra dia mahazo fampahalalana sahaza sy vonona hiatrika toe-javatra vonjy taitra mety hitranga ;

i) fandaminana momba ny fampahafantarana mialoha ny vahoaka izay azo heverina ara-drariny fa mety ho voakasiky ny toe-javatra vonjy taitra.

Ny famolavolana ny drafitra vonjy taitra ho an'ireo fotodrafitrasa sy asa mety hiteraka fahavoazana nokleary na radiolojika lehibe dia atao amin'ny fiaraha-miasa amin'ireo rafitra rehetra voakasika amin'ny fandraisana andraikitra vonjy taitra, eo amin'ny ambaratonga rehetra, dia ny eo an-toerana, nasionaly ary zana-paritra.

Ny drafitra vonjy taitra dia dinihina indray, havaozina ary andramana ara-potoana sy tsy tapaka.

Andininy faha-107.- Raha misy vonjy taitra nokleary na radiolojika, ny tompon'ny fanomezan-dalana dia mampihatra avy hatrany ny drafitra eo an-toerana mba hampitsaharana ny loza sy hampihenana ny vokany.

### Sokajy faha-2 – Drafitra nasionaly

**Andininy faha-108**.- Atsangana eo ambany fahefan'ny Praiminisitra ny komity manokana antsoina hoe Komity Nasionaly misahana ny Vonjy Taitra Radiolojika sy ny Sécurité Nokleary na "Comité National de Gestion des Urgences Radiologiques et de Sécurité Nucléaire"(CNGURSN).

**Andininy faha-109.-** Ity komity ity dia miandraikitra :

- famaritana ny drafitra nasionaly ;
- famaritana ny fepetra maika ;
- fandraisana andraikitra hampihenana ny fahasimbana ;
- fanentanana ny olona sy rafitra rehetra ilaina (anisan'izany ny mpitandro filaminana) ;
- fangatahana fanampiana amin'ny rafitra nasionaly na iraisam-pirenena (toy ny BNGRC).

**Andininy faha-110**.- Ny firafitra sy ny fomba fiasan'ny komity dia faritana amin'ny didy.

Andininy faha-111.- Ny drafitra nasionaly momba ny vonjy taitra nokleary na radiolojika dia amboarin'ny CNGURSN miaraka amin'ny BNGRC ary ankatoavin'ny Filankevitry ny Governemanta.

Ity drafitra ity dia mamaritra :

- ny andraikitry ny rafitra isan-karazany ;
- ny hetsika hatao ;

- ary ny fomba fifandraisana sy fampahafantarana ny vahoaka.

### Sokajy faha-3 – Vonjy taitra miampita sisintany

**Andininy faha-112**.- Raha misy vonjy taitra nokleary na radiolojika mety hiteraka fiparitahan'ny loto voavaikantaratra mihoatra ny sisin-tanin'i Madagasikara, ny Governemanta Malagasy dia mampahafantatra avy hatrany ny Agence Internationale de l'Energie Atomique (AIEA) sy ireo manampahefana amin'ny firenena mety ho voakasika.

Ny ANSSN no ivon-toerana ifandraisana amin'ny fanomezana vaovao sy fanampiana mifandraika amin'izany, araka ireo fifanarahana iraisam-pirenena, indrindra ny fifanarahana momba ny fampahafantarana haingana ny loza nokleary sy ny fanampiana amin'ny vonjy taitra radiolojika.

## LOHATENY FAHA-IV – NY ANTOKA

### Toko voalohany – ANTOKA AMIN'NY FAMPIASANA AMIM-PAHALEMANA

**Andininy faha-113.-** Ny akora nokleary eto amin'ny Repoblikan'i Madagasikara dia ampiasaina ho amin'ny tanjona amim-pahalemana ihany, araka ny adidy iraisam-pirenena noraisin'i Madagasikara, indrindra ny Fifanarahana momba ny tsy fiparitahan'ny fitaovam-piadiana nokleary (TNP).

Voarara eto amin'ny tanin'i Madagasikara :

- ny fisian'ny fitaovam-piadiana nokleary na fitaovana mipoaka mitovy aminy ;
- ny fanaraha-maso mivantana na ankolaka izany ;
- ny famokarana na fahazoana izany ;
- ary ny fangatahana na fandraisana fanampiana amin'ny famokarana azy.

### Toko faha-2 – FANATANTERAHANA NY ANTOKA

**Andininy faha-114.-** Ny ANSSN dia miantoka ny fanarahana ny adidin'i Madagasikara amin'ireo fifanarahana iraisam-pirenena momba ny tsy fiparitahan'ny fitaovam-piadiana nokleary, ny "Accords de garanties ary ny Protocole additionnel".

Amin'izany dia :

a) manamarina ny fanarahana ireo adidy ireo ;

b) manangona sy mandefa vaovao any amin'ny AIEA ;

c) manamora ny fidiran'ny mpanara-maso avy amin'ny AIEA eto Madagasikara ;

d) miara-miasa amin'ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny sy ireo rafitra voakasika.

Andininy faha-115.- Izay mikasa hanao asa fikarohana sy fampandrosoana mifandraika amin'ny "cycle du combustible nucléaire" dia tsy maintsy mampahafantatra mialoha ny ANSSN.

Andininy faha-116.- Ny tompon'ny fanomezan-dalana amin'ireo asa ireo dia tsy maintsy manome ny vaovao rehetra ilaina mba hahafahan'i Madagasikara manaja ny adidiny iraisam-pirenena.

### Toko faha-3 – FIARAHA-MIASA AMIN'NY FANATANTERAHANA NY ANTOKA

**Andininy faha-117.-** Ny sampan-draharaham-panjakana rehetra sy ireo olona na fikambanana nahazo fanomezan-dalana dia tsy maintsy miara-miasa amin'ny AIEA amin'ny :

a) fanomezana vaovao ilaina haingana ;

b) fanomezana fahafahana miditra amin'ireo toerana ilaina ;

c) fanampiana ny mpanara-maso amin'ny asany ;

d) fanomezana tolotra ilaina mandritra ny asan'izy ireo.

### Toko faha-4 – ADIDIN'NY TOMPON'NY FANOMEZAN-DALANA MOMBA NY AKORA NOKLEARY

**Andininy faha-118.-** Ireo tompon'ny fanomezan-dalana mikasika akora nokleary dia tsy maintsy :

a) Mitahiry sy manavao hatrany ireo antontan-taratasy sy rakitra araka izay faritan'ny ANSSN;

b) Mandefa amin'ny ANSSN ireo tatitra takiany, amin'ny endrika sy ao anatin'ny fe-potoana voafariny ;

c) Manatanteraka ireo fandrefesana mikasika ny akora nokleary ary mampihatra ireo fandaharan'asa fanaraha-maso ny fandrefesana takiana ;

d) Manome ny ANSSN ny fampahalalana famaritana momba ny fotodrafitrasa nokleary rehetra, anisan'izany ny fanovana rehetra atao amin'izany fampahalalana izany ;

e) Manao fanisana ara-batana ny tahirin'akora nokleary ananany ;

f) Mampandre ny ANSSN momba ny fanafarana na fanondranana akora nokleary ;

g) Mampihatra ireo fepetra fiarovana ara-batana sy ireo fepetra fiarovana hafa amin'ny akora nokleary ;

h) Mampandre haingana ny ANSSN momba ny fahaverezan'ny akora nokleary rehetra ;

i) Manao tatitra momba ireo asa kasaina hotanterahina amin'ny ho avy ;

j) Miantoka fa ireo solontena nahazo alalana avy amin'ny ANSSN sy ireo mpanara-maso notendren'ny AIEA dia afaka manatanteraka ireo asa voafaritry ny lalàna ankehitriny, ny Fifanarahana momba ny antoka nokleary ary ny Protokola Fanampiny mifandraika amin'izany.

### Toko faha-5 – MPANARA-MASO AVY AMIN'NY AIEA SY FANOMEZANA VISA

**Andininy faha-119**.- Ny ANSSN no manaiky ny fanendrena ireo mpanara-maso atolotry ny AIEA ho an'i Madagasikara.

Ny Governemanta Malagasy sy ny Fahefam-Pirenena dia manome haingana ireo fahazoan-dalana ilaina, anisan'izany ny visa raha ilaina, mba hahafahan'ireo mpanara-maso miditra sy mijanona eto amin'ny tanin'i Madagasikara hanatanteraka ny asany araka ny "Accords de garanties sy ny Protocole additionnel".

**Toko faha-6 – RAFITRA NASIONALY FANISANA SY FANARAHA-MASO NY AKORA NOKLEARY**

**Andininy faha-120**.- Ny Fahefam-Pirenena dia miantoka ny fampiharana mahomby ny garanties amin'ny alalan'ny fametrahana rafitra nasionaly fanisana sy fanaraha-maso ny akora nokleary, izay ahitana :

a) rafitra fanaraha-maso ny fandrefesana ;

b) rafitra fanombanana ny fahamarinan'ny fandrefesana ;

c) fomba fandinihana ny tsy fitovian'ny fandrefesana ;

d) fomba fanaovana fanisana tahiry ara-batana ;

e) rafitra fanombanana ny tahiry tsy voarefy ;

f) rafitra fanoratana sy tatitra momba ny fivezivezen'ny akora ;

g) fomba hiantohana ny fanarahana ny fitsipika ara-kaonty ;

h) fomba fanomanana tatitra ho an'ny AIEA.

**Toko faha-7 – FANAFARANA SY FANONDRANANA AKORA NOKLEARY**

**Andininy faha-121**.- Ny ANSSN dia mametraka lisitra ny akora nokleary, fitaovana, teknolojia ary entana mifandraika amin'ny sehatra nokleary (antsoina hoe "entana voafehy") izay iharan'ny fanaraha-maso amin'ny fanafarana sy fanondranana.

**Andininy faha-122**.- Voarara ny fanafarana na fanondranana entana voafehy any amin'ireo firenena voafaritra raha tsy misy fanomezan-dalana mialoha avy amin'ny ANSSN.

**Andininy faha-123**.- Ny ANSSN dia mandray fepetra, anisan'izany ny rafitra fanomezan-dalana, mba hifehezana ny fanafarana sy fanondranana ireo entana voafehy.

**Andininy faha-124.-** Ny ANSSN dia mamoaka fitsipika mamaritra ny antsipirihan'ny fanomezan-dalana, anisan'izany ny fepetra hahazoana izany.

Ny fandinihana sy fankatoavana ireo fangatahana dia atao miaraka amin'ireo sampan-draharaham-panjakana voakasika.

## LOHATENY FAHA-V – ANDRAIKITRA SIVILY NOKLEARY

### Toko voalohany – FOTO-KEVITRA MOMBA NY ANDRAIKITRA

#### Sokajy voalohany – Andraikitra tsy mila porofo fahadisoana

**Andininy faha-125.-** Raha tsy misy fepetra manokana, ny mpandraharaha amin'ny toeram-piasana nokleary dia tompon'andraikitra irery amin'ny fahavoazana nokleary, na dia tsy misy fahadisoana aza, raha voaporofo fa avy amin'ny loza nitranga tao amin'ilay toerana na nandritra ny fitaterana izany.

Ny tompon'andraikitra farany nahazo alalana hitazona ilay akora no tompon'andraikitra raha very, nangalarina na nariana izany.

Mihatra na aiza na aiza nitrangan'ny fahavoazana izany andraikitra izany.

#### Sokajy faha-2 – Andraikitra mandritra ny fitaterana

**Andininy faha-126**.- Mandritra ny fitaterana, ny mpandefa no tompon'andraikitra mandra-pahazoan'ny mpandray ilay akora, raha tsy misy fifanarahana hafa an-tsoratra na famindrana andraikitra amin'ny mpitatitra.

Amin'izany tranga izany, ny mpitatitra no heverina ho tompon'andraikitra.

#### Sokajy faha-3 – Fanafahana andraikitra

**Andininy faha-127**.- Tsy tompon'andraikitra ny mpandraharaha raha vokatry ny ady, fifandonana, fikomiana na ady an-trano ny fahavoazana.

Tsy tompon'andraikitra ihany koa izy raha :

- ny fahavoazana dia mahazo ny toeram-piasana mihitsy ;
- na ny fananana ao anatin'ilay toerana mifandraika amin'izany.

Raha porofoina fa avy amin'ny tsy fitandremana na finiavana hanao ratsy avy amin'ny niharam-boina ny fahavoazana, dia mety hoesorina tanteraka na ampahany ny onitra.

Tsy manaisotra ny andraikitry ny olona niniana nanao fahavoazana izany.

### Toko faha-2 – FOTO-KEVITRA MOMBA NY FANONERANA

#### Sokajy voalohany – Fahefana hitsara

**Andininy faha-128.-** Ny Fitsarana Ambony (Cour d'Appel) ao Antananarivo irery no manana fahefana hitsara raharaha momba ny fanonerana fahavoazana nokleary nitranga eto Madagasikara na ao amin'ny faritra ara-toekarena manokana.

Izay manan-jo hahazo onitra dia afaka mitory ny mpandraharaha na mivantana ny mpiantoka na ny mpanome antoka ara-bola.

#### Sokajy faha-2 – Didim-pitsarana

**Andininy faha-129**.- Ny didim-pitsarana avy any ivelany manome onitra noho ny fahavoazana nokleary dia ekena sy tanterahina araka ny fitsipika momba ny “exequatur”, afa-tsy raha :

a) azo tamin’ny fitaka ilay didy ;

b) tsy nahazo fahafahana hiaro tena ara-drariny ilay voaheloka ;

c) mifanohitra amin’ny filaminam-bahoaka eto Madagasikara na ny fitsipika fototra momba ny rariny.

**Sokajy faha-3 – Tsy fanavakavahana**

**Andininy faha-130.-** Ity lohateny ity dia ampiharina tsy misy fanavakavahana arakaraka ny zom-pirenena, fonenana na toerana ipetrahana.

## LOHATENY FAHA-VI – SAZY SY FEPETRA ARA-PITSARANA

### Toko voalohany – FEPETRA FANERENA, SAZY ARA-PITANTANANA SY ARA-BOLA

### Sokajy voalohany – Fepetra fanerena

**A - Fepetra fanatanterahana**

Andininy faha-131.- Raha misy tsy fanarahana na fandikana ny lalàna, ny fitsipika na ny fepetra napetraka amin'ny fanomezan-dalana, ny ANSSN dia mandray fepetra fanerena mifanaraka amin'ny hamafin'ny fandikana.

Ny olona na fikambanana voakasika dia tsy maintsy manitsy haingana ny tsy fanarahana araka ny toromarika omena, ary misoroka ny fiverenan'izany.

Raha tsy dia lehibe ny fandikana, dia afaka manome fampitandremana an-tsoratra sy fepotoana hanitsiana izany ny ANSSN.

Raha misy loza maika ho an'ny olona na ny tontolo iainana, dia afaka manery ny fampiatoana ny asa izy mandra-pahavitan'ny fanitsiana, ary afaka mampiato, manafoana na manova ny fahazoan-dalana.

Raha mitohy na tena lehibe ny fandikana, indrindra raha misy fandotoana amin'ny faika voavaikantaratra, dia afaka manafoana tanteraka ny fahazoan-dalana ny ANSSN ary mitaky fanitsiana feno.

**B - Fahefana fanerena an'ny mpanara-maso**

**Andininy faha-132**.- Raha hitan'ny mpanara-maso nokleary fa misy fandikana mitondra loza maika, dia afaka :

a) mampiato avy hatrany ny asa na ny fametrahana ;

b) mandrara ny mpiasa tsy handray anjara raha tsy mahafeno fepetra ;

c) manery ny fitahirizana ara-dalàna ny akora voavaikantaratra.

Ny fanapahan-kevitra dia manan-kery mandra-pisian'ny :

- fanafoanana ataon'ilay mpanara-maso ;
- fanovàna ataon'ny ANSSN ;
- na fanapahan-kevitry ny fitsarana.

Ny fepetra raisina dia soratana ao anaty "procès-verbal", ary ny tompon'ny fahazoan-dalana dia afaka manohitra ao anatin'ny iray volana.

### Sokajy faha-2 – Sazy ara-pitantanana sy ara-bola

**Andininy faha-133**.- Ny sazy ara-pitantanana dia mety ahitana fampiatoana, fanovàna na fanafoanana fahazoan-dalana, miaraka na tsy miaraka amin'ny sazy ara-bola.

**Andininy faha-134**.- Raha misy tsy fanarahana lalàna, dia afaka mampihatra sazy ara-bola araka ny fitsipika ny ANSSN.

**Andininy faha-135.-** Raha tsy mampahafantatra mialoha ny famoronana orinasa na tetikasa mitazona akora voavaikantaratra, dia mahazo fampitandremana ary mety ho asaina ajanona ny tetikasa.

**Andininy faha-136**.- Raha tsy manitsy ny toe-draharaha na dia efa nahazo fampitandremana aza, dia mety hikatona vonjimaika na tanteraka ny asa.

**Andininy faha-137**.- Ny tsy fanarahana ny drafitra vonjy taitra dia mitarika fampitandremana voalohany miaraka amin'ny baiko hanitsiana.

**Toko faha-2 – SAZY ARA-PITSARANA SY FOMBA FANAO**

**Sokajy voalohany – Heloka sy sazy**

**Andininy faha-138.-** Ny fandavana tsy hanaraka ny baiko dia saziana lamandy 1 000 000 Ar hatramin'ny 10 000 000 Ar, ary raha miverimberina dia mety higadra 3 hatramin'ny 6 volana.

**Andininy faha-139.-** Ny fanakanana ny fanaraha-maso dia saziana lamandy 2 000 000 Ar hatramin'ny 20 000 000 Ar sy/na 1 hatramin'ny 3 volana an-tranomaizina.

**Andininy faha-140**.- Raha misy loza vokatry ny tsy fitandremana ka miteraka fahafatesana, ratra na fahasimbana tontolo iainana, dia saziana lamandy 1 000 000 Ar hatramin'ny 100 000 000 Ar sy 3 volana hatramin'ny 2 taona an-tranomaizina.

Raha misy tsy firaharahiana lehibe, dia avo roa heny ny sazy.

**Andininy faha-141.-** Ny fitaterana na fitazonana akora voavaikantaratra tsy misy fahazoan-dalana dia saziana 1 hatramin'ny 6 volana an-tranomaizina sy lamandy 1 000 000 Ar hatramin'ny 5 000 000 Ar.

Raha miverimberina, dia tsy maintsy misy sazy an-tranomaizina.

**Andininy faha-142.-** Ny fitazonana na fitaterana tsy ara-dalàna faika voavaikantaratra dia saziana 6 volana hatramin'ny 5 taona an-tranomaizina sy lamandy 2 000 000 Ar hatramin'ny 20 000 000 Ar.

**Andininy faha-143**.- Ny tsy fisian'ny fepetra fiarovana sy drafitra vonjy taitra mandritra ny fitaterana dia saziana 3 hatramin'ny 6 volana an-tranomaizina sy lamandy 1 000 000 Ar hatramin'ny 5 000 000 Ar.

Raha misy loza mitranga, dia avo roa heny ny sazy.
Raha miverimberina, dia tsy maintsy misy sazy an-tranomaizina.

**Andininy faha-144.-** Ny fitantanana faika voavaikantaratra tsy misy fahazoan-dalana dia saziana 1 hatramin'ny 6 volana an-tranomaizina sy lamandy 1 000 000 Ar hatramin'ny 10 000 000 Ar na iray amin'ireo sazy ireo ihany.

**Andininy faha-145 ka hatramin'ny faha-175** (Tohiny – Fandikan-teny)

**Andininy faha-145.-** Ny fanariana tsy misy fahazoan-dalana faika voavaikantaratra na effluents voavaikantaratra ao amin'ny tontolo iainana, anisan'izany ny fandrarahana azy anaty ranomasina, amin'ny morontsiraka na ao amin'ny faritra ara-toekarena manokana, na amin'ny toerana tsy mifanaraka amin'ny fepetra napetraka, dia heloka bevava saziana asa an-terivozona.

**Andininy faha-146**.- Ny fampiasana fahazoan-dalana efa tapitra daty dia saziana lamandy 2 000 000 Ar hatramin'ny 20 000 000 Ar.
Raha misy tranga radiolojika na loza ara-sécurité nokleary dia avo roa heny ny sazy.

**Andininy faha-147**.- Ny fanamboarana sandoka na fampiasana taratasy fahazoan-dalana sandoka dia saziana lamandy 10 000 000 Ar hatramin'ny 100 000 000 Ar sy 5 hatramin'ny 10 taona an-tranomaizina.

**Andininy faha-148.-** Ny fanafarana akora nokleary na voavaikantaratra izay tsy azo hamarinina ny fiaviany dia saziana lamandy 5 000 000 Ar hatramin'ny 50 000 000 Ar sy 6 volana hatramin'ny 2 taona an-tranomaizina.

**Andininy faha-149.-** Ny fandikana ny fandraràna ny fanafarana faika voavaikantaratra eto Madagasikara dia saziana lamandy mitentina 500 000 DTS hatramin'ny 50 000 000 DTS sy asa an-terivozona.

**Andininy faha-150**.- Ny tsy fisian'ny fepetra fiarovana sahaza dia saziana lamandy 1 000 000 Ar hatramin'ny 10 000 000 Ar sy hatramin'ny 29 andro an-tranomaizina.

Raha tsy arahina ny toromarika fanitsiana, dia saziana 3 hatramin'ny 6 volana an-tranomaizina.
Raha misy loza, dia avo roa heny ny sazy.

**Andininy faha-151**.- Ny fanodinkodinana na fanaparitahana akora voavaikantaratra dia saziana 2 hatramin'ny 10 taona an-tranomaizina sy lamandy 1 000 000 Ar hatramin'ny 10 000 000 Ar.

**Andininy faha-152.-** Ny halatra akora voavaikantaratra dia saziana 5 hatramin'ny 10 taona an-tranomaizina sy lamandy 2 000 000 Ar hatramin'ny 20 000 000 Ar.

**Andininy faha-153**.- Ny varotra tsy ara-dalàna akora voavaikantaratra dia saziana 5 hatramin'ny 10 taona an-tranomaizina sy lamandy 20 000 000 Ar hatramin'ny 200 000 000 Ar.

**Andininy faha-154.-** Ny olona mahalala tranga radiolojika nefa tsy mitatitra izany ary mandositra andraikitra dia saziana 2 hatramin'ny 5 taona an-tranomaizina sy lamandy 100 000 000 Ar hatramin'ny 1 000 000 000 Ar.

**Andininy faha-155**.- Ny tsy fampandrenesana haingana sy tsy fandraisana fepetra vonjy taitra dia saziana 6 volana hatramin'ny 2 taona an-tranomaizina sy lamandy 2 000 000 Ar hatramin'ny 20 000 000 Ar.

**Andininy faha-156**.- Ny fidirana tsy nahazoana alalana amin'ny angon-drakitra momba ny sûreté sy sécurité nokleary dia saziana 6 volana hatramin'ny 2 taona an-tranomaizina sy lamandy 2 000 000 Ar hatramin'ny 20 000 000 Ar.

**Andininy faha-157.-** Ny halatra na fanimbana na fanodinkodinana vaovao ara-nokleary dia saziana 6 volana hatramin'ny 2 taona an-tranomaizina sy lamandy 20 000 000 Ar hatramin'ny 200 000 000 Ar.

**Andininy faha-158.-** Ny fanaparitahana vaovao mety hanohintohina ny fiarovana dia saziana 6 volana hatramin'ny 2 taona an-tranomaizina sy lamandy 10 000 000 Ar hatramin'ny 100 000 000 Ar.
Tsy mihatra izany raha nahazo alalana ara-dalàna ilay famoahana vaovao.

**Andininy faha-159**.- Ny fanodinkodinana vaovao ara-nokleary dia saziana 6 volana hatramin'ny 2 taona an-tranomaizina sy lamandy 10 000 000 Ar hatramin'ny 100 000 000 Ar.

**Andininy faha-160.-** Ny fampiasana ireo vaovao ireo amin'ny asa heloka dia saziana asa an-terivozona sy lamandy 50 000 000 Ar hatramin'ny 500 000 000 Ar.

**Andininy faha-161**.- Ny lamandy rehetra dia azo ampitambatra.

### Sokajy faha-2 – Fomba fanao

**Andininy faha-162**.- Ny mpanara-maso nokleary dia mamantatra ny heloka, manangona porofo ary manolotra ny raharaha amin'ny fitsarana.

**Andininy faha-163.-** Raha misy heloka tratra am-bodiomby, ny polisy sy zandary dia afaka mandray fepetra haingana, miaro ny porofo ary mampahafantatra avy hatrany ny Fahefam-Pirenena.

Ny tsy fisian'ny mpanara-maso amin'ny voalohany dia tsy manafoana ny dingana ara-pitsarana.

**Andininy faha-164**.- Ny ANSSN ihany no afaka manomboka ny fanenjehana heloka nokleary.

**Andininy faha-165.-** Izay mahafantatra heloka nokleary dia tsy maintsy mampahafantatra avy hatrany ny Fahefam-Pirenena na ny polisy.

**Andininy faha-166**.- Ny fitsarana amin'ny toerana nitrangan'ny heloka no manana fahefana.

**Andininy faha-167**.- Mihatra hatrany ny lalàna famaizana sy ny fomba fanao ara-pitsarana Malagasy.

**Andininy faha-168**.- Izay iharan'ny fahavoazana dia afaka mitaky onitra amin'ny fitsarana.

### Sokajy faha-3 – Fisamborana sy fakàna fananana

**Andininy faha-169**.- Ny ANSSN dia afaka misambotra akora na fitaovana rehetra mifandraika amin'ny heloka, ary ny mpanao heloka no miantoka ny fandaniana fiarovana izany.

**Andininy faha-170**.- Ny fitsarana dia afaka manapaka ny fanagiazana ireo entana mifandraika amin'ny heloka.

**Andininy faha-171.-** Afaka managiazana fananana ihany koa ny fitsarana ho antoka amin'ny fanonerana fahavoazana.

### Sokajy faha-4 – Olona tompon'andraikitra

**Andininy faha-172.-** Afaka manenjika olona tsirairay na fikambanana ny ANSSN.

Ny olona ara-dalàna (personne morale) dia mety ho saziana lamandy sy onitra, ary mety ho :

1°- **Ny fandraràna**, maharitra na mandritra ny fe-potoana tsy mihoatra ny dimy (5) taona, tsy hanao mivantana na ankolaka asa matihanina sasantsasany ;

2°- **Ny fanakatonana**, maharitra na mandritra ny fe-potoana tsy mihoatra ny dimy (5) taona, ireo toeram-piasana nampiasaina tamin'ny fanatanterahana ny fandikan-dalàna ;

3°- **Ny fandravana** ilay olona ara-dalàna, raha toa ka naorina mba hanatanterahana ireo fihetsika voasazin'ny lalàna ;

4°- **Ny fampahafantarana ny didim-pitsarana** amin'ny alalan'ny gazety an-tsoratra na amin'ny alalan'ny fitaovam-pifandraisana am-peo sy an-tsary hafa rehetra.

Tsy manafoana ny andraikitry ny olona tsirairay izany.

**Andininy faha-173.-** Afaka saziana ihany koa ny olona iray noho ny asa ataon'ny mpiasany, raha tsy afaka manaporofo fa tsy voafehiny izany.

### Sokajy faha-5 – Fifanarahana (Transaction)

**Andininy faha-174.-** Ny olona na fikambanana voampanga dia afaka mangataka transaction amin'ny ANSSN ho an'ny heloka madinika.

Ny heloka bevava dia tsy azo anaovana "transaction".

Alohan'ny fitsarana, ny "transaction" dia manafoana ny fanenjehana. Aorian'ny fitsarana, dia mihatra amin'ny sazy ara-bola ihany.

**Andininy faha-175**.- Ny "transaction" dia ahitana ny lamandy ary ny fanonerana ny fahavoazana rehetra nateraky ny loza.

### Sokajy faha-6 – Fampodiana (Extradition)

**Andininy faha-176.-** Ireo heloka voalaza ato amin'ity lalàna ity dia afaka mitarika fampodiana araka ny fifanarahana misy eo amin'i Madagasikara sy firenena hafa, indrindra ireo firenena mpikambana amin'ny Fifanarahana momba ny fiarovana ara-batana ny akora nokleary sy ny fanitsiana natao taminy.

## LOHATENY FAHA-VII – FEPETRA SAMIHAFA

## FEPETRA VONJIMAIKA MOMBA NY FAHAZOAN-DALANA

**Andininy faha-177**.- Manomboka amin'ny fotoana hidiran'ity lalàna ity manan-kery dia mihatra amin'ireo fangatahana fahazoan-dalana mbola andrasana izy.

Ireo fahazoan-dalana navoaka araka ny Lalàna laharana faha-97-041 tamin'ny 02 janoary 1998 dia mbola manan-kery tanteraka.

Ireo tompon'ny fahazoan-dalana dia tsy maintsy mandefa tatitra momba ny asa ao anatin'ny enim-bolana aorian'ny famoahana ity lalàna ity.

Ao anatin'ny enim-bolana aorian'ny fandraisana izany tatitra izany, ny ANSSN dia afaka mitaky fangatahana fahazoan-dalana vaovao.

Na izany aza, afaka manova na manafoana fepetra amin'ny fahazoan-dalana taloha ny ANSSN raha tsy mifanaraka amin'ity lalàna ity izany.

Na dia izany aza, ny fepetra ara-bola taloha dia mbola manan-kery mandritra ny herintaona aorian'ny famoahana ity lalàna ity.

FEPETRA FARANY

**Andininy faha-178**.- Mandritra ny fotoana tsy mbola tafapetraka tanteraka ny ANSSN, dia ny ANPSR no mbola manatanteraka ny asany araka ity lalàna ity.

**Andininy faha-179**.- Ny fitsipika manatanteraka ity lalàna ity dia raisina miaraka amin'ny fandraisan'anjara na fankatoavan'ny ANSSN, ary mandinika ny fenitra iraisam-pirenena, indrindra ny an'ny AIEA.

**Andininy faha-180**.- Foanana avokoa ny fepetra teo aloha mifanohitra amin'ity lalàna ity, indrindra ny Lalàna n°97-041 tamin'ny 02 janoary 1998.

**Andininy faha-181**.- Ny fitsipika tsy mifanohitra amin'ity lalàna ity dia mbola manan-kery mandra-panovàna na fanafoanana azy.

Hisy didy aman-dalàna sy didim-panjakana havoaka raha ilaina amin'ny fampiharana ity lalàna ity.

**Andininy faha-182**.- Havoaka ao amin'ny Gazety Ofisialin'ny Repoblika ity lalàna ity ary hotanterahina ho lalàm-panjakana.

Navoaka tao Antananarivo, ny …

**VOLAVOLAN-DALÀNA N° 039/2026 TAMIN'NY 17 JOLAY 2026 MIKASIKA NY FAMPIASANA AZO ANTOKA, MILAMINA SY AMIMPAHALEMANA NY TEKNOLOJIA NOKLEARY ETO MADAGASIKARA………… 4**
**FILAZANA NY ANTONANTONY……………………………………………………....... 4**
9
**LOHATENY VOALOHANY – MOMBA NY FEPETRA ANKAPOBENY ……………..**

**Toko voalohany – ANKAPOBEN-JAVATRA ………………………………………… 9**
**Sokajy voalohany – Tanjona ……………………………………………………. 9**
**Sokajy faha-2 – Faritra fampiharana sy fandrarana ………………………………… 9**

**Sokajy faha-3 – Famaritana……………………………………………………… 9**

**Toko faha-2 – MOMBA NY FANOMEZAN-DALANA ………………………………… 14**

**Sokajy voalohany – Fampahafantarana mialoha ny hetsika na toeram-piasana 14**

**Sokajy faha-2 – Fotokevitra momba ny fanomezan-dalana ………………………**
**Sokajy faha-3 – Fomba hahazoana fanomezan-dalana …………………………….. 14**

**Sokajy faha-4 – Fampiatoana, fanovana, fanavaozana, fanafoanana, fanesorana, fanaisotra ……………………………………………………………… 15**

**Sokajy faha-5 – Andraikitry ny mpihazona fanomezan-dalana …………………… 16**
**LOHATENY FAHA-2 – MOMBA NY ANTOKON-DRAHARAHA MPAMETRA-PITSIPIKA…………………………………………………………………………….. 17**
**Toko voalohany – FAMORONANA ……………………………………………...... 17**

**Toko faha-2 – RAFITRA ……………………………………………………………….. 17**

**Toko faha-3 – ASA SY ANDRAIKITRA ……………………………………………… 17**
**Sokajy voalohany – Fahefana ara-pitantanana ……………………………………… 17**
**Sokajy faha-2 – Fahefana mpametra-pitsipika ………………………………………. 18**
.
**Sokajy faha-3 – Fahefana mpanara-maso ……………………………………………. 19**

**Sokajy faha-4 – Fitoriana ……………………………………………………………… 19**

**Toko faha-4 – FANOHANA ARA-TEKNIKA SY ARA-TSIANTIFIKA ……………….. 19**
**Sokajy voalohany – Rafitra fanohanana ara-teknika sy ara-tsiantifika ary masoivoho foibe …………………………………………………………………… 19**
.
**Sokajy faha-2 – Laboratoara fanadihadiana nokleary ……………………………… 19**

Sokajy faha-3 – Rafitra mpanolo-tsaina, manam-pahaizana ivelany ary mpamatsy tolotra nokleary ………………………………………………………… 20

Sokajy faha-4 – Fanabeazana sy Fampiofanana …………………………………….. 20
.
Toko faha-5 – FITSIRIHANA …………………………………………………...... 20
Sokajy voalohany – Fandaminana ……………………………………………….... 20
Sokajy faha-2 – Fomba fanatanterahana fitsirihana ……………………………….. 21
Sokajy faha-3 – Fahefan'ny mpanara-maso nokleary « Inspecteurs Nucléaires » ………………………………………………………………………… 21

LOHATENY FAHA-3 – MOMBA NY FAHAZOANA ANTOKA SY NY FILAMINANA NOKLEARY NY LOHARANON-TARATRA SY LOHARANO HAFA ………………... 23

Toko voalohany – FIAROVANA AMIN'NY TARATRA …………………………….. 23
Sokajy voalohany – Fanajana ny fotokevitra sy fepetra fiarovana ………………. 23
Sokajy faha-2 – Fametrahana ny fepetra sy fenitra ara-pitsipika momba ny fiarovana amin'ny taratra …………………………………………………….......... 24
Sokajy faha-3 – Fepetra manokana ho an'ny mpiasa tratran'ny taratra mamorona iona………………………………………………………………………….. 24
Sokajy faha-4 – Fiarovana manokana ny marary…………………………………….. 24
Sokajy faha-5 – Fiarovana ny vahoaka sy ny tontolo iainana …………………… 24
Sokajy faha-6 – Akora voavaikantaratra voajanahary (NORM)……………………. 25
Toko faha-2 – LOHARANON-TARATRA SY LOHARANO HAFA MAMOKATRA TARATRA …………………………………………………………………………… 25
Sokajy voalohany – Fanaraha-maso ara-pitsipika ny loharanon-taratra………… 25
Sokajy faha-2 – Fanisana sy rejisitra nasionaly……………………………………… 25
.Sokajy faha-3 – Fanondranana sy fanafarana ……………………………………. 25
Sokajy faha-4 – Fitantanana loharano tsy ampiasaina …………………………… 26
Sokajy faha-5 – Loharanon-taratra tsy voafehy …………………………………… 26
Toko faha-3 – AKORAM-BY VOAVAIKANTARATRA………………………………… 26
Sokajy voalohany – Fitsipika momba ny fitrandrahana sy fanodinana ireo akoram-by mety mamoaka taratra mamorona iona ………………………………… 26

Sokajy faha-2 – Fitrandrahana sy fanodinana akoram-by misy uranium sy thorium ………………………………………………………………………………… 27
Toko faha-4 – FAIKA VOAVAIKANTARATRA ………………………………........ 28
Sokajy voalohany – Politika sy paikady 28
Sokajy faharoa – Fitsipika ankapobeany……………………………………………. 28
Sokajy faha-3 – Tompon'andraikitra amin'ny faika voavaikantaratra …………… 29
Sokajy faha-4 – Drafitra fitahirizana farany………………………………………… 29
Sokajy faha-5 – Fandraràna ny fanafarana faika voavaikantaratra ………………. 29
Sokajy faha-6 – Fanondranana faika voavaikantaratra …………………………….. 29
Toko faha-5 – FITATERANA AKORA VOAVAIKANTARATRA …………………….. 30
Toko faha-6 – FANAFOANANA NA FANAFOANANA NY FAMPIASANA TOERANA (DÉCLASSEMENT) …………………………………………………….. 30
Toko faha-7 – FIAROVA ……………………………………………………………….. 31
Toko faha-8 – FIOMANANA SY FITANTANANA NY VONJY TAITRA …………….. 31
Sokajy voalohany – Drafitra vonjy taitra ……………………………………………. 31
:Sokajy faha-2 – Drafitra nasionaly ………………………………………………….. 32

Sokajy faha-3 – Vonjy taitra miampita sisintany …………………………………….. 33

| | |
|---|---|
| **LOHATENY FAHA-IV – NY ANTOKA 33** | **33** |
| **Toko voalohany – ANTOKA AMIN'NY FAMPIASANA AMIM-PAHALEMANA ……** | **33** |
| **Toko faha-2 – FANATANTERAHANA NY ANTOKA 33** | **33** |
| **Toko faha-3 – FIARAHA-MIASA AMIN'NY FANATANTERAHANA NY ANTOKA ..** | **34** |
| **Toko faha-4 – ADIDIN'NY TOMPON'NY FANOMEZAN-DALANA MOMBA NY AKORA NOKLEARY……………………………………………………………………..** | **34** |
| **Toko faha-5 – MPANARA-MASO AVY AMIN'NY AIEA SY FANOMEZANA VISA ..** | **34** |
| **Toko faha-6 – RAFITRA NASIONALY FANISANA SY FANARAHA-MASO NY AKORA NOKLEARY ………………………………………………………………………** | **35** |
| **Toko faha-7 – FANAFARANA SY FANONDRANANA AKORA NOKLEARY ……..** | **35** |
| **LOHATENY FAHA-V – ANDRAIKITRA SIVILY NOKLEARY ………………………...** | **36** |
| **Toko voalohany – FOTO-KEVITRA MOMBA NY ANDRAIKITRA …………………** | **36** |
| **Sokajy voalohany – Andraikitra tsy mila porofo fahadisoana ……………………** | **36** |
| **Sokajy faha-2 – Andraikitra mandritra ny fitaterana ………………………………..** | **36** |
| **Sokajy faha-3 – Fanafahana andraikitra ………………………………………………** | **36** |
| | |
| **Toko faha-2 – FOTO-KEVITRA MOMBA NY FANONERANA ………………………** | **36** |
| **Sokajy voalohany – Fahefana hitsara ………………………………………………….** | **36** |
| **Sokajy faha-2 – Didim-pitsarana ……………………………………………………..** | **36** |
| **Sokajy faha-3 – Tsy fanavakavahana …………………………………………………** | **37** |
| | |
| **LOHATENY FAHA-VI – SAZY SY FEPETRA ARA-PITSARANA …………………** | **38** |
| **Toko voalohany – FEPETRA FANERENA, SAZY ARA-PITANTANANA SY ARA-BOLA …………………………………………………………………………………………** | **38** |
| **Sokajy voalohany – Fepetra fanerena…………………………………………………** | **38** |
| **A - Fepetra fanatanterahana …………………………………………………………..** | **38** |
| **B - Fahefana fanerena an'ny mpanara-maso …………………………………………** | **38** |
| **Sokajy faha-2 – Sazy ara-pitantanana sy ara-bola …………………………………..** | **38** |
| **Toko faha-2 – SAZY ARA-PITSARANA SY FOMBA FANAO ……………………….** | **39** |
| **Sokajy voalohany – Heloka sy sazy ……………………………………………………** | **39** |
| **Sokajy faha-2 – Fomba fanao …………………………………………………………** | **41** |
| **Sokajy faha-3 – Fisamborana sy fakàna fananana …………………………………..** | **41** |
| **Sokajy faha-4 – Olona tompon'andraikitra ……………………………………………** | **41** |
| **Sokajy faha-5 – Fifanarahana (Transaction) ………………………………………....** | **42** |
| **Sokajy faha-6 – Fampodiana (Extradition) ……………………………………………** | **42** |
| | |
| **LOHATENY FAHA-VII – FEPETRA SAMIHAFA ……………………………………….** | **43** |
| **FEPETRA VONJIMAIKA MOMBA NY FAHAZOAN-DALANA ………………………** | **43** |